

MAEVATANÀNA

4

LEHILAHY NANOLANA SY NANDRATRA RAMATOA 67 TAONA, MATY VOATIFITRA

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7821 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 14 martsa 2024

RAHARAHY DEPIOTE FETRA RALAMBOZAFIMBOLOLONA

6

NAVERINA ENY AMIN'NY FITSARANA AMBARA- TONGA I REHEFA TSY AZO RAISINA, HOY NY HCC



MINISTRY NY MPONINA - DISTRIKAN'AMBOSITRA

6

TSY EKEN'NY ANY IFOTONY NY FISISIHANA HO KANDIDA

MARINA IZANY !

6

NITERAKA RESABE !

SINEMA MALAGASY

2



ALEFA ETSY AMIN'NY CC ESCA ANTANIMENA I "LAV'ALINA"

VOLLEY OSEANINA INDIANINA

15

TSY HANAO "MASTERS" NY GNVB SY NY COSFA

ANDRY INSPALM

10

TANDINDOMIN-DOZA NY SOMPIR'I MADA- GASIKARA AO ALAOTRA

PASI PASI

16

ANDRIAMIHARINOSY TILLO NANDRAY TRAIKEFA DIA MAMPITA AMIN'NY ZANANY

Telma

TELECHARGE
TA NOUVELLE APPLI

Telma & Moi

ET SUIZ L'ÉVOLUTION DE
TA CONSOMMATION SUR
INFO CONSO



Disponible en App store
ou Play store

GCL 762/25-12

Mampifandray @ireo havanao maneran-tany

Mandraisa vola avy any ivelany ao
@compte MVola

0€ ny saran'ny
fandefasana vola @ Orange
Money Europe

code promo :
MVOLA

MVola

GCL 763/13-6

Sinema Malagasy

Alefa etsy amin'ny Cc Esca Antanimena i "Lav'Alina"

Hanomezana fahafaham-po ny mpankafy sinema malagasy no tanjon'ny "Manjaka Sary Production". Natao takatry ny fahefa-mividin'ny rehetra ihany koa ny vidim-pidirana mba ahafahan'ny mpianakavy miaraka mijery.

Ny 9 Jolay 2023 no nandeha voalohany tao amin'ny Canal Olympia etsy Andohatapanaka ny horonantsarimihetsika voalohany novokarin'ny "Manjaka Sary Production" mitondra ny lohateny hoe "Lav'Alina". Tsy ny sarimihetsika malagasy, novokarin'ny malagasy rehetra akory no mahazo alàlana handefa ny sanganasany ao amin'ny Canal Olympia fa voafantina manokana mihitsy. Roa izany hatreto aloha ny filma Malagasy efa nandeha tao dia "Joe" sy ity "Lav'Alina" ity izay nahafeno fepetra araka ny fenitra eo amin'ny tontolon'ny Sinema. Reharehan'ny Manjaka Sary Production izany ary entiny hanatsarana ny vokatra mbola ho avy rehetra. Tany amin'ny RN1 no nanombohany izany ary avy eo nentiny tany Mahajanga. Hiverina eto Antananarivo indray izy ka



Hery Manjaka Razanaparany na Manjaka ny Tsa, tompony sady namorona ny tranom-pamokarana Manjaka Sary Production namokatra ny "Lav'Alina".

ny fiandohan'ny volana Aprily, izany hoe amin'ny Alatsinain'ny Paska no handefasana azy etsy amin'ny Cc Esca Antanimena. Tsy indray mandeha fa halefa in-3 amin'io fotoana io ka hisy ny fidirana amin'ny 11 ora maraina, amin'ny 2 ora tolakandro ary ny farany dia amin'ny 4 ora hariva. Hanomezana fahafaham-po ny mpankafy sinema malagasy no tanjon'ny "Manjaka

Sary Production". Natao takatry ny fahefa-mividin'ny rehetra ihany koa ny vidim-pidirana mba ahafahan'ny mpianakavy miaraka. Andro tsy fiasana io ka nanentana ny olona ny mpikarakara mba sinema indray no jerena fa tsy fampisehoana na zavatra hafa. Efa amidy etsy amin'ny Super music Analakely sy ao amin'ny Nect'Art Ankaditapaka ny tapakila amin'ny sarany

tokana sy mora. Fa mbola misy ihany koa amin'ny fotoana handefasana ny filma.

Tantara mampitaintaina
Araka ny fanazavan'i Manjaka Ny Tsa dia "sarimihetsika malagasy, mitantara ny tantaran'i Manjaka, mpikarama an'ady matihanina tapa-kevitra ny hanavotra vehivavy iray nisy naka ankeriny rehefa tsy nahita mangirana tany amin'ny mpitandro ny filaminana momba ny tsy fahitana ilay vehivavy ny fianakaviany. Nandritra ny alina manontolo no namanhan'i Manjaka ny olana rehetra ary teo koa no nahitany fa vehivavy maromaro no saika ahondran'ny mpanam-bola any ivelany". Amin'ny ankapobeny dia tantara mampitaintaina, sy feno gidragidra, anjakan'ny fitiavam-boninahitra, fitiavan-tena, kolikoly avo lenta, ity "Lav'Alina" ity ary azon'ny olona mihoatra ny 12 taona jerena. Fomba fijery vaovao sy fanatontosana hafa tsy tahaka ny fahitan'ny olona ihany koa no mandrafitra ny sarimihetsika "Lav'Alina". Nambaran'i Hery Manjaka Razanaparany na Manjaka ny Tsa, tomponysady namorona ny tranom-pamokarana Manjaka Sary Production fa ny fanohanana ny zavatra vokarin'ny malagasy dia manampy amin'ny fampiroboana ny vita Malagasy.

Tiaray R

Tarika Rebika-35 taona

Ho avy ao Antsahamanitra i Raniks sy Hery Tiana



Ho avy avokoa ny mpikambana rehetra amin'io.

« Isaky ny 5 taona ny fankalazan'ny Rebika ny jobilikeliny, ka manao fitetezam-paritra sy faritany maromaro foana rehefa tonga izany daty izany », hoy i Lucien Randrianina. Tamin'ny taon-dasa no efa feno taona ry zalahy ireto, saingy noho ny antony ara-politika sy ny fifidianana tamin'ny taona 2023 iny, voatery nahemotra tamin'ity taona ity ny fankalazana.

Hira manodidina ny 50 no nomanin-dry Rebika ho an'ny mpankafy hiaraka hankalaza ny 35 taonany ao Antsahamanitra amin'ny alatsinain'ny paska izao.

« Feno 35 taona niankarana an-tsehatra tamin'ny herintaona ny Rebika, nefa vao niandoha ny taona dia efa fantatra fa tsy hahavanona fitetezam-paritra firy, noho ny antony ara-politika sy fifidianana, dia nanapa-kevitra ny tarika fa hatao amin'ity taona ity izany », hoy hatrany izy. Koa hatomboky ny tarika amin'ny fihaonana ireo mpankafy azy eto an-drenivohitra ny fankalazana amin'ity. Ao Antsahamanitra ny fotoana amin'ny alatsinainy 1 aprily (alatsinain'ny paka) tolakandro. Ho tonga hifanotrona ao avokoa ny mpikambana ao anatin'ny tarika, ka anisan'izany i Raniks sy Hery Tiana, izay efa monina sy mila ravinahitra any Frantsa ankehitriny.

Toerana maro

Araka ny fanazavan'i Lucien Randrianina. Hitohy amin'ny toerana maro eto Madagasikara ary efa ao anatin'ny tetikasan'ny tarika ny hivoaka any ampitandranomasina indray amin'ny faraparan'ny taona hamaranana ny fankalazana ny 35 taona. Voalaza fa ny Lax Production no tompomarika amin'ny fanodinana ny tarika ao anatin'ny fankalazana ny 35 taonany ity. Amin'ny ankapobeny, ireo toerana efa mahazatra sy fantatra fa tena maro mpankafy Rebika toa an'Ambatondrazaka sy Ampitandrefana, Antsirabe, Fianarantsoa, Mahajanga, Toamasina sy ny maro hafa tsy voatanisy no hanohizan'izy ireo ny fitetezam-paritra aorian'Antsahamanitra. Misy amin'ireo toerana ireo no handehanan'izy mirahalaha efa monina any ampita ireo (Raniks sy Hery Tiana), fa misy kosa hovitain-dry zalahy mpikambana eto an-tanindrazana toa ny mahazatra hatramin'izay ihany.

Ankoatra ny fampisehoana, hisy ny famarotana ireo vokatry ny tarika maromaro voarakitra anaty clé usb roa. Ny iray hirakitra ireo hira vaovao maromaro sy ireo hira taloha ; ny faharoa mirakitra ireo rindran-tsary mp4 (fampisehoana rehetra nataon'ny tarika tao Antsahamanitra).

Fy

Vaovao mahallana ve ?



Niu Raza

Hanolotra fampisehoana 2 etsy amin'ny CC Esca

Mandalo eto amintsika amin'izao fotoana izao i Niu Raza, mpanakanto malagasy malaza tsy eto an-toerana ihany fa hatrany Etazonia toerana hipietrahany amin'izao fotoana izao. Hanolotra fampisehoana etsy amin'ny CC Esca Antanimena izy ny Alahady izao manomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Lany tanteraka anefa ny tapakila amin'ity fampisehoana ity kanefa mbola betsaka ny mpankafy maniry ny ahita azy. Nanapa-kevitra i Niu Raza sy ny «Studio 58» mpikarakara ny hetsika fa hanolotra fampisehoana iray ho an'ireo olana maro nangataka izany amin'ny 24 Marsa ho fanomezana fahafaham-po azy ireo sy ho an'ny kolontsaina sy ny kanto malagasy. Tsy dia hita mateatika eto an-tanindrazana ihany koa moa izy ka nanaiky na dia misy akony kely eo



Lany ny tapakila amin'ny fampisehoana amin'ny alahady izao ka mbola hisy indray ny fampisehoana amin'ny 24 marsa.

amin'ny fandarahan-potoanany aza. Ao amin'ny CC Esca ihany no hanatanterahana ny fampisehoana amin'izay fotoana izay. Amin'ny fampisehoana izay ataony amin'ny alahady izao sy amin'ny heriny dia hia-vaka ny fandaharan-kira hatolony ny mpankafy satria dia ireo hirany izay noforoniny manokana no hatolony ny mpankafy. Tsy nanasa mpanakanto hafa izy hiaraka hanafana ny sehatra fa Niu Raza ranoray. Hiaradia aminy ihany koa ireo mpiten-dry mozika niaraka taminy nandritra ny kaonseritra natao teto Antananarivo tamin'ny taon-dasa. Aharitra eo amin'ny ora 2 na mihoatra

kely eo ny fampisehoana ka ireo hira efa nahafantarana sy nampalaza azy no hirainy. Misy ireo hira notsongainy manokana tao anatin'ilay rakikirany faharoa fa eo ihany koa no hanolorany sahadry izay hira handrafitra ny rakikira faha-3. Nisaotra ny Telma Madagasikara izay nosoloan'i Henitsoa Randrianarison moa i Niu Raza amin'ny fanohanana'izy ireo ny mpanakanto sy ny kolontsaina malagasy. Ankoatra izay dia nambaran'i Niu Raza omaly nandritra ny resaka tamin'ny mpanao gazety ihany koa fa anisan'ny handray anjara amin'ilay hetsika « Ansika jiaby » atao any Paris France amin'ny volana Mey izy ary eo ihany koa ny hetsika arakolontsaina lehibe any Kanada.

Tiaray R

Lova N (Tanora Masina Itaosy)

"Mampandroso sy mampahomby ny fisian'ny fitsipika hentitra sy sahaza ny fikambanana"

Anisan'ny Antoko mpihira manana ny lazany eto amintsika ny Tanora Masina Itaosy. Mahasarika olona hatrany ny hetsika tanterahan'izy ireo, manomboka amin'ny toerana kelikely toy ny any am-piangonana ka hatramin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina. Nisy ny resaka nifanaovanay tamin'ny filohan'izy ireo,

Atoa Lovaniaina Rakotondranaivo :

Gazetiko : Firy taona moa izao no niorenanan'izany hoe Antokom-pihira Tanora Masina Itaosy izany ? Misy firy ianareo no mpikambana ? Firy taona ka hatramin'ny firy taona ?

Lova N : Tamin'ny taona 1991 no niorina ny antoko mpihira, izany hoe manitsaka faha-33 taonany izahay izao. Ny 8 desambra 1991 izany. Manodidina ny 141 ny mpikambana ao anatiny, 16 taona ka hatramin'ny 50 taona mahery kely eo ny salataon'ny mpikambana, izany hoe efa misy zokiny kely ihany.

Gazetiko : Antoko mpihira-ny fianonana FLM ianareo. Ianareo anefa tsy mifidy fianonana sy toerana hiakarana sehatra ? Inona no anton'izay ? Dia ahoana ny ao amin'ny fianonana misy anareo rehefa lasa mitety faritra ianareo ?

Lova N : Eny avy ao amin'ny Fiangonana FLM Antsahamasina Itaosy izahay. Fa izahay tsy mikombona anatin'ny FLM satria ny teny fikasana azonay dia hoe : « mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra ». Koa rehefa fitoriana marina sy madio dia andraisany anjara avokoa na aiza na aiza. Izany hoe manitra antsika hitory filazantsara amin'ny olona rehetra fa tsy hoe hanjono anaty koveta.

Na izanay aza, misy rafitra ao amin'ny fianonana misy anay izay arahinay. Mivavaka ao ampiangonana isaky ny alahady marana izahay, ankoatra ny hoe ny mandeha any amin'ny faritra alavidavitra. Efa alamina ny programa mba tsy hifanesy ireny fivoahana ireny. Farahafahabetsany indray mandeha isam-bolana na isaky ny roa volana aza iza-



Ireo mpikambana mandrafitra ny FIMPIMAMAD tarihin'ny filohan'ny Ramanakarivo Jean José.

hay no mandeha. Ary rehefa mivoaka izahay dia mahazo alalana avy amin'ny ray aman-dreny am-panahy indrindra ny tonian'ny KTLM, s y n o d a m - p a r i t a n y Antananarivo.

Rehefa tsy ao ampiangonana izahay dia misy sampana maro ao afaka mandray andraikitra, ka anisan'ireny ny VLM sy ny sampana sekoly alahady.

Gazetiko : Manana hira firy ny Tanora Masina Itaosy ? Iza no mpamoron-kiranareo ? Manana paik'ady ve ianareo hiatrehana ny showbiz satria mahazo fifanarahana maro ianareo ireo ? Inona no tsiambaratelon'ilay fahombiazana ?

Lova N : Maherin'ny 110 na 120 latsaka eo ny hiran'ny Tanora Masina Itaosy, izay mizara amin'ny tahirin-kira miisa 10. Telo ny mpamorona ankehitriny ankoatra ny tany amin'ny tahirin-kira voalohany : SLM (Sedy, Lova ary Miora). Ny paik'ady tsy maintsy misy fa izahay matoa mandeha manao fitoriana amin'ny fianonana maro isan-karazany, tsy no

ho ny paikady fa ny olona no mangetaheta fiaraha-miasa. Tsinina fa 1/10 n-ny fangatahana fiaraha-miasa ihany no afaka omena fahafaham-po satria voafetra 52 ny herinandro anatin'ny taona. Izahay tsy afaka manao fampisehoana andavanandro fa tsy maintsy faran'ny herinandro ihany. Fa ny paikady kosa mipetraka kokoa rehefa hanao ireny seho goavana, ohatra seho goavana ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina ireny, izay izahay ihany no mikarakara azy. Mametraka izahay araka ny tenin'Andriamanitra hoe « Ny fahaizamandamina no hoenti-miady ». Ny tsiambaratelo, fahombiazan'Andriamanitra io, asan'Andriamanitra tsy azo hireharehana fa lzy no miasa. Torohevitra no azo omena, izay voafehin'ny fitsipika 4 rehefa manao zavatra ka te hahomby : 1-fanetretena amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra (firehehahana no fialohavan'ny fahalavoana) ; 2- fitsipika : mampandroso sy mampahomby ny fisian'ny fitsipika hentitra sy sahaza ny fikam-

banana ; 3- famoronana sy fikarohana mandrakariva. Ny zavatra ataonay dia ny iezahana manao zavatra izay mbola tsy nataon'ny olona. Ialanay ny fakana tahaka amin'ny lafiny marobe, na fitafy, ny fandriandra ny hira, ezahana ny hanana ny loko (identité) ; 4 - fahaizana mitrandraka ny talentan'ny tsirairay avy. Ekena fa antoko mpihira izahay, fa misy ao ny mahay mihira fa misy ny mahay zavatra hafa. Ny fitrandrahana ireny talenta maro ireny sy ny fanomezana andraikitra ireny talenta ireny dia mampahomby.

Gazetiko : Inona ny fepeetra raha te hiditra mpikambana ao amin'ny Tanora Masina Itaosy ?

Lova N : Antoko mpihira-ny fianonana izahay. No ho izany olona ao anatin'ny fianonana no afaka miditra mpikambana. Misy ny fepeetra na izany aza, ka olona efa niangona nandritra ny herintaona farafahakeliny no raisina ary misy mason-tsivana atao aminy.

Dinika nifanaovan'i Fy

CASM Amparibe

Hidera sy hankalaza ny fetin'ny Sampankazo

Fety iray anisan'ny miavaka eo anivon'ny fianonana Krisitianina ny Fetin'ny Sampankazo. Manakalaza izany efa anjato taonany maro anefa ny Eglizy Katolika. Amin'io fotoana io mantsy raha araka ny baiboly ao amin'ny testamanta vaovao dia tamin'io fetin'ny sampankazo io no nanadratana an'i Jesoa ho mpanjaka. Hitondra izany tantara izany amin'ny alalan'ny rindran-kira ara-pilazantsara ny CASM (Chorale des Anciens Saint Michel) na ny ny antoko mpihira ivondronan'ireo maintimolaly sy ny mpianatra tranainy eo anivon'ny Sekoly Saint Michel etsy Amparibe.

"Andao hiaraka hizotra mankany amin'ny hazavana miaraka amin'Andriamanitra" no lohahevitra entina manamarika ny seho izay tontosaina ny 24 Marsa izao.

"Andao hira hizotra makany amin'ny hazavana miaraka amin'Andriamanitra" no lohahevitra entin'ny CASM manamarika ity seho ity. Ny Alahady 24 Marsa, izay herinanadro mialoha ny ahatongavan'ny Paska sady

fetin'ny sampankazo no hanoloran'izy ireo ity rindran-kira lehibe ity izay atao ao amin'ny Grande Chapelle, ao amin'ny St Michel Amparibe ihany hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Araka ny fanazavana dia hira 12 no hatolotry ny CASM mandritra ny fampisehoana izay hanehoan'izy ny tantaran'ny Sampankazo sy ny manodidina azy. Hira ao anaty fihirana katolika avokoa izy ireo saingy ataon'ny CASM amin'ilay nanaovan'ny namorona azy tany amboalohany mihitsy sady amin'ny endriny klasika izay mampiavaka ny CASM sy nahafantarana azy hatramin'izy. Santionany amin'izany ilay hir hoe "Dera Laza » (Jésus que ma joie demeure) noforonina sy nosoratan'i Johann Sebastian Bach mpitendry mozika Klasika. Fa ankoatra izay dia entin'izy ireo ao ihany ry "Mendrika Isaorana" noforonin'i Randriamalala Nirina Zafimaharo, "Ny Foko manome Hasina Anao", "Vierge Marie" noforonin'i Natasha St - Pier.

Hira 12

Hizara roa ny fotoana ka hira 6 isaky ny ampaham-potoana no atao. Andriamatoa Eymeric Anatole izay efa misahana sy nitarika antokom-pihira hafa moa no Chef de Coeur n'ny CASM. 100 taona mery izao no nisian'ny voondron'ireo maintimolalan'ny St Michel fa ireto mpikambana ao amin'ny CASM taty aoriana kosa dia 28 taona amin'izao fotoana izao. Ny Lamesa isaky ny Alahady faha-3 mandritra ny fihanonan'ny mainty molaly no niforonan'ny Antokom-pihira tany ampiandohana ary izy ireo loha no azo lazaina fa sampana matanjaka indrindra ao anatin'ny vondron'ny maintimolalin'ny St Michel.

Tiaray R



Ireo mpikambana mandrafitra ny CASM Chorale des Anciens Saint Michel Amparibe.

PETITES ANNONCES **Gazetiko**

MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-8)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-9)

COUR

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 778/6-3)

FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-12)

FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-2)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...

Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-7)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 777/6-3)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 777/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 777/6-3)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-1)

Maevatanàna

Lehilahy nanolana sy nandratra ramatoa 67 taona maty voatifitra

Mbola nalainy ihany koa ny vola sy ny finday tany amin'ilay ramatoa.

Efa tsy mifidy intsony mihitsy ireo mpanolana amin'izao satria ramatoa lehibe iray efa mananika ny fito amby enim-polo taona indray no niharan' ny fanolanana sady mbola nanaovana herisetra tao Bevilany-Maevatanana ny Alatsinainy lasa teo tao an-tranony. Tsy vitan' izany fa mbola nalain'ilay olon-dratsy

ihany koa ny finday sy ny vola dimy alina Ariary tany aminy. Tonga dia nidirany an-keriny tao an-trano ilay ramatoa dia nanamparany ny filandrantsiny tao. Nitsoaka nandositra izy taorian'izany. Ilay ramatoa kosa mbola afaka niantso vonjy tamin'ny manodidina. Taitra ny mpiaramonina raha nahita azy naraotra mafy. Nampandrenesina haingana ny mpitandro filaminana ary nentina notsaboina izy. Voalaza fa tadidin'ilay ramatoa tsara ny endrik'ilay nanolana azy. Ny harivan'io ihany dia tsikaritry ny zandary niverina tao an-

tanàna ilay mpanolana ka efa voasambotra.

Efa betsaka

Nentina natao famotorana avy hatrany izy ary niaiky ny eloka vitany. Natorony ihany koa ny toerana nanafenany ilay finday sy vola nanganalariny. Teny an-dalana nentina hanoro io toerana io anefa izy no nikasa hitsoaka handositra ka izao maty voatifitry ny zandary izao. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa tsy vao sambany voarohirohy tamin'ny resaka fanolanana ity lehilahy ity. Efa nigadra tao

Maevatanana noho ny raharaha fanolanana izy ny taona 2022. Efa nanolana vehivavy roa ihany koa tao Ambalajia, kaominina Maevatanana ny taona 2023. Samy namoy ny ainy avokoa ireo vehivavy roa ireo tamin'izany. Ankoatr'ireo dia vehivavy lehibe efa dimy amby fitopolo taona ihany koa no naolany ny volana janoary 2023 ary vehivavy iray hafa tao Morafeno. Efa be no vitany araka izany ka izao tratra izao ihany izy nony farany.

R.C

Ambositra

Taksibrosy crafter nivadika, mpandeha 11 naratra

Nisesisesy mihitsy ny lozampifamoivoizana tamin'ny lalam-pirenena fahafito iny. Taksibrosy crafter iray mampitohy an'Antananarivo sy Fianarantsoa indray mantsy no nivadika tao Sopirana, avaratr' Ambositra omaly. Raha ny fanazavana dia nandeha mafy loatra ilay fiara ka nikasoka tamin'ny tetezana dia io nivadika io. Vokany, mpandeha miisa iraika ambin'ny folo tao

anatin'ny naratra ka ny telo tamin'ireo no tena voa mafy. Efa nentina namonjy hopitaly avokoa ireo naratra. Tsy nisy kosa ny aina nafoy fa ny fiara no simba. Ny polisim-pirenena tao Ambositra no tonga teny an-toerana raha vao nandre ny, zava-nitranga sady nifanampy tamin'ny famoahana ireo olona tao anatin'ilay fiara sy nitondra ireo naratra tany amin'ny hopitaly.

Tsy fitandremana

Nanoloana io zava-nitranga io dia efa notanan'ny mpitandro filaminana natao famotorana ny mpamilin'ilay fiara. Voalaza fa vokatry ny tsy fitandremana sy ny fandehanana mafy no tena nahatonga ny loza. Efa misesisesy loatra anefa ny loza amin'ny lalam-pirenena fahafito iny satria vao tamin'ity herinandro ity ihany koa no nisy ilay taksibrosy

nivadika tao Antanifotsy, izay naharatrana olona miisa roapolo ihany koa. Araka izany dia tokony hitandrina sy ho mailo hatrany ireo mpamily indrindra fa ny taksibrosy toy itony satria olona maro no entiny. Lasa ireo mpandeha indray no mizaka ny vokany ka lasa mitondra takaitra tsy fidiny na sanatria mamoy ny ainy mihitsy noho izany.

R.C

Maevatanàna

Tovalahy roa mpanao sinto-mahery tra-tehaky ny polisy

Efa nanomboka tamin'ny fiandohan'ny taona 2024 no nandrenesana trangana fanendahana sy sinto-mahery ary fanafihana mitam-piadiana ny teto Maevatanàna an-tampon-tanàna, izay nampitaraina ny mponina eny amin'ny elanelan-trano eny, ka ela ny ela fa nahitana vahaolana ny hetsika fampanjira fahalemana ny tany nataon'ireo polisy. Raha ny vaovao voaray hatrany teny amin'ny biraon'ny Kaomisaria, dia ny Alahady faha-10 Marsa 2024 teo, tokony tamin'ny fito ora

hariva no voasambotry ny polisy ao amin'ny " Brigade Régionale De Sécurité Publique Betsiboka" teo amin'ny tohatoha-bato manamorona ny Pharmacie Tantely ao amin'ny fokontan' Andranomangatsiaka ireo Tovolahy roa, nanendaka vehivavy avy nivarotra " kafe" tany Antanimbarany no nanaraoatra nivarotra ihany koa, rehefa avy namonjy tsena tany amin'ny toerana voalaza etsy aloha. Polisy nanao fisafoana no naheno ny antso vonjin'ilay ramatoa, ka nifanenjehan'ny polisy sy

ny fokonolona teny amin'ny manodidina izy roa lahy, ary vola tao anaty packetra iray tapitrisa ariary, izay nalaina an-keriny tamin'ny sabatra no tratra teny amin'izy ireo, tonga dia naverina amin'ny tompony avy hatrany izany. Marihana fa fiampangana efatra sosona nisesy teto Maevatanàna no anisan'ny hanenjehana azy ireo, satria rehefa nantsoina ireo olona lasibatra tamin'izany, dia voamarina teny amin'ny biraon'ny kaomisaria, fa izy roa lahy no anisan'ny tompon' antoka tamin'ny fanafihana

niaro sinto-mahery, fanafihana mitam-piadiana. Eo amin'ny 22 sy 24 taona eo ireto olon-dratsy ireto. Tsy mikely soroka hatrany ny polisim-pirenena aty an-toerana amin'ny famongorana ny asa ratsy ataon'ireo jiolahy. Nitondra fanentanana Atoa Kaomisera Peggy amin'ny tokony tsy hisalasan'ny mponina miantso ny lahariana maintso 017 avy hatrany rehefa mahita trangangan-javatra hafahafa sy mampihahy eny anivon'ny fiarahamonina eny.

Ratantely

Foulpointe

Tovolahy 30 taona maty lasan'ny rano

Nilentika tao anaty rano ity tovolahy ity dia tsy nipoitra intsony. Ny akanjony sisa no hita tavela teo amoron-drano. Ny Talata lasa teo no nisehoan'izany tao Foulpointe. Araka ny fanazavana azo, efa mamomamo ilay tovolahy tamin'io, izay tokony ho telopolo taona eo. Miasa manao irakiraka sy mibata entana no asany. Tamin'io fotoana io raha izy efa mamomamo iny dia nandeha nilomano. Ny andro rahateo tena maina nigaingaina mihitsy. Voalaza fa efa fanaony ny milomano toy io rehefa reradreraky ny asa. Vao nilentika tao anaty rano izy dia nipoitra kely aloha nefa avy eo tsy tafapoitra intsony. Taitra ireo namany nahita izany ka nikoropaka namonjy azy fa tsy hita. Nitohy hatramin'ny hariva ny fikarohana azy ary maro ireo olona teo amin'ny manodidina no nifanome tanana tamin'izany fa tsy nahitambokany. Omaly maraina vao nisy nahita saingy efa vatana mangatsiaka sisa. Tonga teny, an-toerana ny mpitandro filaminana sy ny mpitsabo nanao ny fizahana. Taorian'izany vao natolotra ny fianakaviany ny razana.

Mila mitandrina

Mbola ao anatin'ny fotoana fiakaran'ny rano tokoa izao ka mila mitandrina foana ihany amin'ity resaka rano ity. Tsy azo atao ihany koa ny matoky tena be loatra fa araka ilay fitenenana hoe ny mahay rano ihany no maty an-drano. Maro mantsy ireo alaim-panahy hilomano satria tena mbola ao anatin'ny hafanana tanteraka amin'izao. Tsy ampoizina akory anefa ny hiavin'ny loza ka izay no tsy maintsy hitandremana.

R.C

Ambohidrapeto

Fatin-jazakely hita tao an-gabone

Ny alatsinainy hariva teo no nahitan'ny olona ity fatin-jazakely nisy nanary tao anaty lava-piringa iray teny Ambohidrapeto-ltaosy. Ny mpampiasa ilay lava-piringa no taitra raha nahita izany satria tsy tena tao anaty lavaka ilay izy fa napetraka teo amin'ny sisiny saingy efa nihosina maloto. Raha ny fanazavana azo dia fatin-jazakely vao teraka mihitsy ity nisy nanary ity. Tsy fantatra kosa na efa maty ilay izy no nariana tao na sanatria novonoina. Efa mandeha moa ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro fila-minana eny an-toerana amin'izao. Karohina ihany koa ny olona nahavanona izao. Tsy nisy nahatsikaritra ny zava-nitranga moa ny teo amin'ny manodidina fa mety nokendrena tamin'ny fotoana tsy naha-be ny olona tao amin'ilay toerana no nanariana io fatin-jazakely io tao. Tsy vao sambany rahateo moa no nahitana tranganjavatra toy izao fa efa matetika ihany.

R.C

Miarinarivo

Sahan-drongony saron'ny zandary

Fanangonam-baovao voarain'ny mpitandro filaminana no nahatratrarany zandary sahan-drongony lehibe tao Falimananarivo, kaominina Manazary, distrikan'i Miarinarivo omaly. Rongony miisa 120 fototra no saron'ny amin'io saha io. Nokarohina avy hatrany ny tompony, lehilahy lehibe iray telo amby fitopolo taona sy efapolo taona. Nosamborina ireo ary nongotana avokoa ireo rongony namboleny. Izy roa lahy kosa notanana natao famotorana. Ao anatin'ny ady ataon'ny zandary moa ny famongorana ny zava-mahadomelina toy izao, izay anisan'ny mampiron-gatra ny tsy fandriampahalemana.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Anjeva Gara

Ankizivavy kely naboridana, nokasain'ny roa lahy kely haolana

Zazakely mpiara-milalao ihany izy telo mianadaha ireo ary samy mpiray tanàna.

Ankizivavikely iray tokony ho 4 taona no nokasain'ny ankizilahikely roa lahy 10 taona sy 8 taona haolana tany amin'ny fokontany Faliary ao anatin'ny kaominina Anjeva Gara ny 1 martsa lasa teo. Rehefa nentina teny anivon'ny fitsarana ny mikasika ity raharaha ity dia nalefa note-

zaina eny amin'ny akany eny Bevalala izy roa lahy ireo taorian'izay. Zazakely mpiaramilalao ihany izy telo mianadaha ireo ary samy mpiray tanàna eny an-toerana. Tany am-pilalaovana tany no nokasain'izy roa lahy hanatanterahana ny filan-dratsiny ilay ankizivavikely. Nesorin'izy ireo ny akanjony dia naboridan'izy ireo ity farany. Nony avy eo dia ny ankizilahy iray nitaingina teo aloha. Dia ny iray indray tany aorianany. Teo anatrehan'izay dia nitomany be ilay zazavavikely ary tafala teo amin'izy

roa lahy ihany ka lasa nandeha nihazakazaka nankany amin'ny ray aman-dreniny nitantara ny zava-nanjo azy. Taitra ireo ary nikoropaka nijery ny zanany.

Samy mpianatra

Tsy nipetra-potsiny ireo ray aman-dreny nanoloana ny zava-nihatra tamin-janany fa ny 5 martsa lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora maraina no nandeha nanatona tany amin'ny biraon'ny zandary tany Anjeva Gara izy ireo. Nitantara ny zava-nisy sy nametraka fitoriana. Efa nentina natao fizahana moa ilay

zaza ka araka ny voalazan'ny dokotera dia tsy simba izy fa ny molotry ny fivaviany no nivara-mena be sy misy miofaka kely. Araka ny fanampim-panazavana ihany dia tamin'ny volana septambra 2022 ihany koa no efa nataon'izy roa lahy toy io nataony io ity ankizivavikely ity. Mbola samy mpianatra avokoa ireto ankizy telo ireto. Nitohy ny famotorana ka io tonga hatreny amin'ny fitsarana io ny raharaha dia izao notezaina any amin'ny akany izao izy roa lahy.

T.H

Ambohimanga Rova

Nisy dahalo mpangalatr'omby nanafika tanàna

Nisehoana asa ratsy teny Ambohimanga Rova ny alin'ny alatsinainy hifoha talata lasa teo. Omby vositra roa no nisy nangalatra tamin'izany. Rehefa tsikaritr'ireo olon-dratsy fa tsy nisy nahita izy ireo dia nandeha niditra tao amin'ilay fitoeran'omby ka nalaina an-tsokosoko tao ireo omby ireo. Tokony ho tamin'ny 10 ora alina tamin'io fotoana io, nisy alika nivovo be ary nisy fiara heno nijanona tany ivelan'ilay trano. Saingy tsy nanana eritreritra na inona na inona ny tompon'omby tao an-trano fa noheve-

rin'izy ireo fa alika miady ilay izy ka tsy taitra noho izany izy ireo. Fanampin'izany dia naheno olona efa nandehan-

Tsy nanana eritreritra na inona na inona ny tompon'

omby tao an-trano fa noheverin'izy ireo fa alika

miady ilay izy ka tsy taitra noho izany izy ireo

deha tao an-tokontany ihany koa avy eo fa tsy nivoaka no sady tsy niantso zandary ary tsy nampandre ny manodidina. Asa na mety natahotra izy ireo na ahoana.

Gaga

Nony marainan'io vao nifoha

tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany saika handeha hitondra omby hiasa izy ireo vao gaga fa efa tsy intsony ny

avy eo ny mponina teny amin'ny manodidina raha nahafantatra mikasika ny zava-niseho ary tsy nian-driandry fa nandeha nanaradia avy hatrany. Afakomaly tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany maraina no nampandren'ny sefo fokontany mikasika io zava-nitranga io ny zandary ka efa nidina ifotony tany an-toerana ary nanampy ny fokolonona tamin'ny fanarahan-dia. Mitohy ny fikarohana.

T.H

Sakaraha

Mpanolana lavon'ny balan'ny Zandary

Tovolahy iray sahabo ho 23 taona no maty voatifitra tao amin'ny kaominina ambanivohitra Besakoa Ambinagny Distrikan'i Sakaraha, afakomaly. Mpamerin-keloka amin'ny resaka fanolanana zava-vavikely izy ity, raha ny loharanom-baovao avy amin'ny mpitandro ny Filaminana. Ankizivavikely 13 taona no nanaovany izany filan-dratsy

izany farany. Voasambotra izy nony avy eo ary teny andalana nentina hihazo ny biraon'ny Zandary no nanararotra nandositra. Noho io dia voatery nitifitra azy ireo mpitandro ny Filaminana ka lavon'ny bala ilay olon-dratsy. Nanolana Zaza tao amin'ny fokontany Bekily ilay tovolahy. Rehefa nataon'ny zandary avy ao amin'ny Tobim-

paritra zandarimaria ao Andranolava ny famotorana dia niaiky ny helony io mpanolana io ary efa mpamerin-keloka amin'ny resaka fanolanana zava-vavikely. Intelo miantoana no efa nanaovany izany asa ratsy izany araka ny fanambarany tao anaty famoronana. Rehefa nihazo ny lalana miverina ho any Andranolava anefa dia nirifa-

tra nitsoaka ity farany, nanararotra ny andro maizina. Efa fantany ihany koa ny sazy niandry azy. Niezaka nampijanona sy nanenjika azy ireo ny zandary saingy tsy nahitam-bokany ka voatery nampiasa fitaovana. Noho io dia maty tsy tra-drano ilay mpanolana, hoy ny loharanom-baovao.

Deyland

Ambohibao Antehiroka

Fiara sy môto nifandona, olona roa naratra

Nisehoana lozam-pifamoivozana ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany hariva, teny Ambohibao Antehiroka ao anatin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Fiara sy môto iray no nifandona tamin'io fotoana io ka olona roa no naratra mafy vokatr'izany. Araka ny fanazavana, teny amin'ny sampa-

nan-dalana amin'ny lalam-pirenena fahefatra sy ny lalana mankany Ambohibao Antehiroka ny fiara iray marika peugeot 309 mizotra ho any Ambohibao Antehiroka nifandona tamin'ny môto marika SYM FIGHTER mihazo an'i Talatamaty izay natao taingin-droa. Nianjera avy eny ambony môto nitondra azy

ireo avy hatrany ireo olona roa teny ambony ka nitarika faharatra mafy teo amin'izy ireo izany. Araka ny fanazavana, noho ny tsy fitandreman'ny mpamilin'ireo fitaovam-pitaterana roa ireo no antony nahatonga ny loza. Ankoatra izay dia fantatra fa somary mamomamo ihany koa ilay mpitondra môto. Fantatra fa mbola

nandona fiara hafa teo alohany ihany io fiara nidofitra tamin'ny môto io fa soa aloha fa tsy nisy naninona ny olona tao anatiny. Marihina fa nahitana fahasimbana goavana ilay fiara sy môto nifandona. Efa nentina namonjy hopitaly ireo olona roa naratra ireo.

T.H

Ankazoabo Atsimo

Mpanara-dia efatra maty voatifitry ny dahalo

Olona mpanara-dia efatra no maty voatifitry ny dahalo tany toerana iray ao anatin'ny distrikan'Ankazoabo atsimo ny faran'ny herinandro lasa teo. Manjaka ny tsy fandriampahalemana any an-toerana ary mitety tanàna mihitsy ireo olon-dratsy amin'izany. Tamin'io fotoana io dia nandeha nanafika tanàna iray ry zalahy ary nangalatra ny omby izay tiany nalaina tao. Rehefa izay dia lasa nandeha izy ireo. Nivoaka avokoa ny mponina teo an-tanàna avy eo ary tsy nangata-k'andro fa avy hatrany dia nandeha nanara-dia an'ireo dahalo niaraka tamin'ny fitaovam-piadiana mba hany nananan'izy ireo toy ny zava-maranita. Nandritra izany no nahatsikaritra omby hafahafa tao amin'ny kizo iray ny fokolonona, hoy ny fanazavana. Tany amin'ny folo kilometatra mahery miala ilay tanàna no nifankahatratra ireo dahalo sy ny fokolonona. Raikitra araka izany ny fifanjevoana teo amin'izy ireo.

Tsy mitovy ny hery

Tsy mitovy ny hery teo amin'ny roa tonta satria ireo dahalo mazava ho azy fa nampiasa fitaovam-piadiana toy ny basy, raha famaky sy lefona kosa ny avy any amin'ny fokolonona. Noho io dia nisy voan'ny balan'ireo olon-dratsy io ny efatra tamin'ireo mpanara-dia ka nitarika ny fahafatesan'izy ireo avy hatrany izany. Ankoatra ireo dia nisy ihany koa ny olona maromaro naratra ary efa nentina namonjy hopitaly notsaboina izy ireo taorian'izay. Araka ny fanazavana hatrany dia anisan'ny halatra mahery vaika indrindra io niseho tany an-toerana io raha tamin'ity taona ity no asiana resaka noho izy tonga hatramin'izao fahafatesan'olona maromaro izao. Efa nampandrenesina mikasika ity asa ratsy ity ny mpitandro filaminana ka efa mandray an-tanàna mikasika izany izy ireo. Mitohy ny fanadihadiana sy ny famotorana.

T.H

Soanierana

Novakian'ny mpangalatra ny " BET 261 "



Toy izao ny namakian'ireo tsy mataho-tody ny rindrina.

Vao maraina dia fitangoronana ny tetsy amin'ny fokontany Ambohitra Fiadanana Soanierana, omaly. Gaga ny rehetra naheno fa nisy namaky ny fitoeram-pilalaovana « BET 261 » teo amoron-dalana. Nolavahan'ireo mpangalatra ny rindrina, nahafahany niditra tao amin'ilay toerana. Lasa tamin'izany ny fahita lavitra lehibe miisa 2 sy entana vitsivitsy. Tsy nobatainy kosa ny solosaina fa navelany teo, izay inoana fa tsy zakany niaraka tamin'ireo fitaovana very ireo. Nahataitra ny mponina ihany ity tranga iray ity. Nampiasa fitaovana toy ny « bar a mine » ireo olon-dratsy nandavahany ny rindrina. Nisy trano eo anilan'io « BET 261 » io saingy tsy naheno izay zava-nisy akory. Nobahanan'ireo olon-dratsy tamin'ny vatobe ihany koa ny varavarana teo amin'io trano io ary nofatorany tady ny varavarana lehibe iray hafa. Nananaram-po mihitsy ireto mpangalatra ary nanana fotoana nanaovana ilay « operation » saingy tsy nisy naheno mihitsy ny manodidina. Heverina ho nampiasa ody ratsy antsoina hoe fonoka izy ireo, nahatonga ny olona tsy nisy taitra. Eny hatramin'ny alika aza toa nangina avokoa, raha ny angom-baovao voaray. Efa misy ihany ny olona ahiahiana ho nahavanona ity vaky trano ity. Mandeha ny fanadihadiana ka andrasana izay mety ho tohin'ny fanadihadiana ny raharaha.

Deyland

Raharaha depiote Fetra Ralambozafimbololona

Naverina eny amin'ny fitsarana ambaratonga I indray, rehefa tsy azo raisina, hoy ny HCC

Nanaitra ny ankamaroan'ny mpahay lalàna ny valin-tenin'ny eny Ambohidahy, mahakasika ilay fitoriana ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM.

Araka ny fandaharam-potoana efa napetraka mialoha dia ny 12 marsa lasa teo no tokony nandalo fitsarana ny raharaha fitoriana ny solombavambahoaka amperinasa, Fetra Ralambozafimbololona Razafitsimialona, voafidy amin'ny anaran'ny antoko TIM, eny amin'ny boriborintany faha-5, eto Antananarivo Renivohitra. Nahemotra ho amin'ny 9 aprily ho avy izao anefa io fitsarana io, rehefa naverina eny amin'ny ambaratonga, rehefa nilaza ny Fitsarana Avo Momba ny Lalamparenana fa tsy azo raisina ny fangatahana napetraky ny fitsarana, handinihan'ny eny Ambohi-

dahy ny fanamarihana mahakasika ny fombafomba tsy manaraka ny lalàna nape-traky ny mpisolovavan'io olom-boafidy io. Nilaza mantsy ny Me Eloi Ratefimahefami-joro, nandritra ny fitsarana fa mialoha ny hidirana amin'ny votoatin-draharaha dia tokony hodinihina ny tsy fanajana ny voalazan'ny andininy faha-73n'ny lalam-panorenana, mahakasika ny tsy fanajana ny zon'ny depiote tsy azo henjehina, indrindra tao anatin'ny fotoam-pivoriana ny Antenimierampirenena no nisamborana azy.

Tsy manaraka ny voalazan'ny Lalamparenana

Io andininy faha-73n'ny lalam-panorenana io izay milaza fa « tsy misy depiote azo henjehina na karohina na samborina hotsaraina, noho ny fanehoan-kevitra nataony, mifandraika amin'ny asany. Tsy misy solombavambahoaka, ahia-

hiana ho nanao heloka tsotra na heloka bevava azo samborina mandritra ny fotoam-pivoriana ny andrimpanjakana mpanao lalàna, raha tsy nahazoana alàlana avy amin'ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra, afa-tsy ireo tratra ambodiomy nanao heloka. Alefa antoratra any amin'ny birao maharitra ny taratasy mirakitra ny fangatahana ny fanenjehana ny depiote ary manana 3 volana ny birao maharitra hamaliana izany ». Nanaitra ny maro anefa ny valin-tenin'ny HCC, niantefa tamin'ny fitsarana ambaratonga voalohany, araka io efa resahina eo ambony io. Antony namerenana indray ny raharaha itoriana ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, eny amin'ny fitsarana ambaratonga I.

Napetraka ambany fanaraha-mason'ny fitsarana !

Manoloana izany, heverina fa mety ho sahirana ny mpitsara

handinika sy hamoaka didy mahakasika io rahara io, noho ny fisian'ny tsy fanajana io fombafomba araka ny lalàna, takian'ny mpisolovava io, alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin'ady. Andrasana izay hitranga. Tsihivina fa tamin'ny volana novambra, tamin'ny taon-dasa no nosamborin'ny mpitandro filaminana, tamin'ny fomba tsy mendrika, teny Mahamasina ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, rehefa voalaza fa namory vahoaka tsy nahazo alàlana. Taorian'izay dia notazonina nandritra ny 10 andro, teny amin'ny sampandraharaha misahana ny heloka bevava eo anivon'ny Zandarimariampirenena, teny Fiadanana io filohan'ny vondrona parlemantera TIM io, mialoha ny niakarany Fampanoavana. Tapitra io fe-potoana io dia navotsotra ny lehilahy ary napetraka ho eo ambany fanaraha-mason'ny fitsarana, mandra-piandry ny fitsarana ny 12 desambra lasa teo.

V.R.

Marina izany !

Niteraka resabe!

Fotoana fohy taorian'ny nivoahan'ny didim-panjakana nanamafy ireo maha-mpikambana ao amin'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demôkrasia sy ny Tany Tandalàna dia sesilany ny fanakianana avy amin'ny mpanao pôlitika, eny hatramin'ny olom-pirenena tsotra mpanaraka ny raharaham-pirenena. Fanakianana miohatra amin'ny fanendrena ny minisitry ny Asampananjakana sy ny Asa teo aloha, solontenan'ny Fiadidiana ny Repoblika ao amin'ny HCDDDED izay tsy iza fa vadin'ny filohan'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifiadianana. Amin'ny mpanao pôlitika dia ahiana ny hisian'ny fitanilana, eo am-panatanterahana ny andraikitra noho ny minisitry teo aloha akaiky ny mpitondra, indrindra fiarovana ny demôkrasia ny resaka. Na izany na tsy izany, tsy vitsy ihany koa ny olom-pirenena no mihevitra fa lasa aloha ny fanakianana. Tokony andrasana, hoy izy ireo ny fomba fiasa hanamarina na handiso ny mety hisian'ny fironana atsy na aroa. Tsihivina fa efa niantefan'ny fanakianana mavaivay ny filohan'ny CENI amperinasa, mialoha sy nandritra ny fifidianana filohan'ny Repoblika farany teo, noho ny Vaomiera eo ambany fiadidiana ahiana nirona tamin'ny mpitondra sy nanao izay fomba rehetra nampandaniana ny kandidampanjakana. Mbola mitoetra hatrany ny ahiahin'ny mpanao pôlitika, volana vitsivitsy mialoha ny fifidianana solombavambahoaka. Na izany na tsy izany, tsy vitsy amin'izy ireo no efa miomana sy mitady ny fomba rehetra hanaraha-maso akaiky ny fanomanana sy ny fizotry ny fifidianana ary ny famoahana ny vokatra, any anivon'ny distrika samihafa any. Tsy sarotra rahateo ny manara-maso izany, noho ny solombavambahoaka fifidianam-paritra, hoy ihany ny ankamaroan'ny kandida ho depiote sy ny mpanohana azy avy.

Voahangy Rakotozafy

Ministry ny Mponina - Distrikan'Ambositra

Tsy eken'ny mpitolona eny ifotony ny fisisihana ho kandida ataony

Mitroatra ! Nampiaka-peo tanteraka ankehitriny ireo TGV ao amin'ny distrikan'Ambositra manoloana ny tery vay manta ataon-dRtoa minisitry ny Mponina azy ireo momba ny fifidianana solombavambahoaka. Manao ny fomba rehetra ahazoana ny alàlana sy ny fanendrena azy ho kandida hisalotra ny anaran'ny antoko manohana ny fitondrana ny tenany amin'izao fotoana izao. Tsy eken'ny mpitolona eny ifotony ny fisisihana ho kandida depiote izay ataony. Isan'ny fomba ratsy ataony amin'izany ny fanerena ny olona isan-tokantrano hanao fanangonan-tsonia ho fano-hanana azy ho kandida amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Araka ny vao-vao voaray avy any amin'ny distrikan'Ambositra dia ireo sefo fokontany sy ny « Quartiers mobiles » no voalaza fa nasainy nanatanteraka izany sy nitety ireo trano. Vao omaly no nisy fanambarana nataon'ireo Mpitanakazomanga, Lahindefona izay nanamafy ny tenin'ireo Raiamandreny teo aloha fa tsy mankasitraka ny fanararaotam-pahefana ataon'ity minisitry ny



Ireo Mpitanakazomanga avy ao amin'ny distrikan'Ambositra nanao fanambarana.

Mponina ity. Nambaran'izy ireo tamin'izao ny fa tsy ekena ny fifehezan'olotokana ny faritra Amoron'i Mania. « *Takianay ny hanendrena ny Governora faran'izay haingana. Aoka ny olona efa manana andraikitra ao anaty Governemanta hanatontosa izany hatramin'ny farany amin'izay toerana nomena azy* », hoy ny fanambarana nataon'ireo olona avy ao amin'ny distrikan'Ambositra ireto.

Fanairana farany

Niantso ny Filohan'ny Repoblika moa izy ireo mba hijery ny vahaolana maika momba ity raharaha ity. Raha tsihivina dia karazana antso fanairana farany ataon'ireo vahoaka eny ifotony ity mba tsy ho diso paika na handray fanapahan-kevitra tsy mifanaraka amin'ny hevity ny maro an'isa ka ahiana hisy fiantraikany amin'ny safidin'ny olona. Raha ny zavatra ataon'ity minisitry te

ho kandida depiote ity mantsy dia toa andrakandrana no betsaka izay lasa mankaleo ny vahoaka. Tsy misy tontosa hatramin'ny farany izay andraikitra rehetra nosahaniny ka mampikatso ny raharaha. Andro vitsy sisa dia ho fantatra ny valin'ny fanapahan-kevitra mety ho raisin'ny Filohan'ny Repoblika momba ity raharaha ity manoloana ireto fanairana sy teny atsipy marobe avy eny ifotony ireto

JUDD

PM Ntsay Christian

Nihaona tamin'ny minisitry misahana ny fampandrosoana iraisam-pirenena

Sesilany ny fihaonana eo amin'ireo mpitondra fanjakana sy ireo mpiara-miombon'antoka vahiny amin'i Madagasikara tao anatin'izay telo volana latsaka nijoroan'ny governemanta izay. Omaly, nitsidika tamim-pomba fifanajana ny Praisinisitra Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian, ny delegasiona avy any Canada notarihin'ny Minisitry misahana ny Fampandrosoana iraisam-pirenena, SEM Ahmed Hussien. Araka ny loharanom-baovao avy eny Mahazoarivo, nifantohan'ny dinika ny fanamafisana orina ny fifandraisana eo amin'i Madagasikara sy Canada, izay efa miara-miasa akaiky eo amin'ny sehatry ny Tontolo iainana, ny Fanabeazana sy ny fampitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy. Araka io loharanom-baovao io hatrany, niaraha-nijery tamin'ny Lehiben'ny Governemanta Malagasy, nandritra io dinika io ny fomba fiasa hanatsarana bebe kokoa izay fifamatorana misy izay, indrindra mahakasika ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny sehatra ny Fonafanana arakasa, ny Toekarena manga ary ny Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, izay andraisin'i Canada anjara amin'ny alalan'ny fampiasam-bola. Nomarihan'io loharanom-baovao io hatrany, fa ato ho ato dia hisy ny fiavoriana eo amin'ny roa tonta mba hanombohan'ny fandinihana miaraka ireo tetika ireo.

Nangonin'i Mamy R.



Nitsidika ara-pomba fifanajana ny Praisinisitra Ntsay Christian ny Minisitry misahana ny Fampandrosoana iraisam-pirenena, omaly.

Fifidianana Solombavambahoaka

Mety alohan'ny 26 jona no hivoaka ny vokatra vonjimaika

Tsy hihoatra ny 20 andro no hikirakiran'ny CENI ny voka-pifidianana manerana ny distrika 120 eto Madagasikara.

Mifantoka amin'ny fiatrehana ny fifidianana Solombavambahoaka ny sain'ny mpanara-baovao amin'izao fotoana izao, indrindra ireo antoko politika manana kandida hifaninana amin'ny 29 mey ho avy izao. Efa samy manao izay ho afany raha teo ankehitriny ireo malaza ho kandida amin'ny fanaovana fampielezan-kevitra mialoha

" Euthanasie "

Tsy nahafaly ny ankamaroan'ny Frantsay ny tolo-kevitra naroson'i Emmanuel Macron

Nosokafan'i Emmanuel Macron, andro vitsivitsy lasa izay ny adihevitra mahakasika ny hampiharana any Frantsa ny volavolan-dalana mahakasika ny « euthanasie » (fahafahan'ny mararin'ny aretina efa tsy azo sitranina intsony, nefa miteraka fanaintainana mafy), miantso ny olona akaiky azy na dokotera hanafaingana ny fahafatesany. Tolo-kevitra mbola miteraka resaka-be any Frantsa, amin'izao fotoana izao, indrindra ireo misehatra amin'ny fitsaboana. Antony, maro ny frantsay no tsy mankato ny hampiharana izany. Ny volavolan-dalana mahakasika ny « euthanasie » izay tsiahivina fa efa tamin'ny taona 2017 no nisy

ny fotoana. Mirongratra be izany na any anaty tambajotran-tserasera any na eny anivon'ny fiarahamonina ary tena ifaninanana mihitsy ny manao fampahafantaran'izy ireo ny tenany. Miharihary ao anatin'izany ny fisian'ireo olona tsy zatra mifampitakosina amin'ny vahoaka saingy hita tampoka midina maka ny fon'ny vahoaka mba hifidy azy ary raha ny zavamisy dia efa tsy fidiny ho an'ny sasany ny manao izany saingy noho ilay eny Tsimbazaza dia voatery. Mbola samy afaka manararaotra tsara amin'izay fangalarana fiaingana izay raha teo aloha ny kandida tsirairay avy, satria tsy misy lalana mifehy ny mahakasika an'io eto amin'ny fiernena.

Ao anatin'izany rehetra izany, araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia efa vonona amin'ny ampahany amin'ny fiatrehana io fifidianana solombavambahoaka io ireo mpikirakira ny fifidianana.

Tsy hihemotra

Voalaza tamin'izany, fa aorian'ny fampielezan-kevitra sy ny datin'ny latsa-bato dia kendrena hivoaka alohan'ny 26 jona, daty hanamarihana ny faha- 64 taona niverenan'ny fahaleovantena ny vokatra vonjimaika amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io. Toe-javatra heverina ho mitombina satria raha ny fomba fiasan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny

Fifidianana tsikaritra tamin'ireny fifidianana filohampirenena farany teo ireny dia tsy hihoatra ny 20 andro no hikirakiran'ny ekipan'dry Dama Arsene Andrianarisedo ny voka-pifidianana manerana ny distrika 120 eto Madagasikara. Mety ho tateraka ihany koa izany raha tsy hihemotra, araka ny ahian'ireo mpanao politika ivelan'ny fitondrana ny datin'ny latsa-bato. Na izany na tsy izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa mbola maro ny fikenenononana hahatongavana amin'izany, raha tsy ilaza fotsiny afa-tsy ny firaketana ny biletà tokana sy ny taratasy firaketana ny latsabato ampisaina.

Mamy R.

Christine Razanamahasoa

Nanao tatitra ny diany avy any Frantsa



Ny Filohan'ny Antenimierampirenena notsenain'ireo mpiara-miasa aminy teny Ivato.

Nigadona teto an-tanindrazana omaly ny Filohan'ny Antenimierampirenena Rtoa Razanamahasoa Christine. Avy nanatrika nanatrika ny fihaonana an-tampon'ireo filohan'ny Antenimiera vehivavy maneran-tany, izay natao tany Frantsa ny tenany. Nandritra izany no nanaovany tatitra ny diany tamin'ny mpanao gazety teny Ivato. Nilaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena izy tamin'izany ka niresahany manokana momba ny resaka olan'ny herinaratra sy ny famahana ny olana manodidina izany. Mikasika ny fifidianana solombavambahoaka dia tsy nilaza mivantana ny maha kandida azy Rtoa Filohan'ny Antenimierampirenena. « Ny ampitso no hamaritra izany », hoy izy. Notsindriany fa tsy maintsy hisy ny fivorian'ireo solombavambahoaka amin'ny fiandohan'ny volana mey satria efa voalazan'ny lalampanorenana ny momba izany. Tonga nitsena azy teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ireo mpiara-miasa aminy akaiky.

JUDD

Fifidianana amin'ny 29 mey 2024

Mbola afaka misoratra anarana izay mbola tsy anaty lisi-pifidianana

Olana goavana sedraina amin'ny fanatanterahana ny fifidianana eto amintsika hatrany ny mahasika ny lisi-pifidianana. Miverina foana ny olana kanefa tsy misy vahaolana sy fepetra hentitra tena raisin'ireo tompondraikitra. Tsy any amin'ireo tompondraikitra isan'ambaratongany irery ihany anefa no olana, fa any amin'ny olompirenena tsirairay mihitsy. Raha ny tsikaritra hatramin'izany, dia tsy mba roto amin'ny fanoratana anarana any anaty lisi-pifidianana ny olom-pirenena. Miverimberina amin'izany ny filazana, fa mety ho noho ny fahasahiranana sy ny mivelomana ka tsy dia manam-potoana loatra ny amin'izany izy ireo hany ka tsy mahagaga raha toa ka rehefa tonga ny andro fandatsaham-bato vao mimenomenona satria manana kandida tohanana. Tao anatin'ny andro maromaro izao, dia naverin'ny CENI eny anivon'ny fokontany ireo lisi-pifidianana voatonta rehetra taorian'ny fikatonan'ny fisoratana anarana vonjimaika.

Fitarainana

Nambaran'ny tompondraikitra tamin'izany fa averina eny anivon'ny fokontany ireo lisi-pifidianana voatonta rehetra mba hahafahan'ny mpifidy manao fanamarinana na fitarainana ary manana 20 andro manomboka ny fahatongavan'ny lisitra eny amin'ny fokontany ireo rehetra voasoratra anarana anaty lisi-pifidianana hanaovana izany fitarainana na fanamarihana izany. Nofaritan'ny Vaomierampirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana tao anatin'izany ihany koa ireo fandehan-javatra azo atao amin'izany fanamarihana sy fitarainana izany. Isan'izany ny hoe manitsy ireo diso amin'ny anarana, ny laharana karampanondro, daty nahaterahana...ary manampy raha toa ka misy latsaka ny mombamomba ny tena ary misoratra anarana raha toa ka mety mbola tsy tafiditra ao anaty lisitra mihitsy.

Mamy R.

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatranan'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."

Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

Grid for contact information: Anarana, Fanampiny, Adiresy, Nomerano C.I.N., Tél.

Anarana :

Fanampiny :

Adiresy :

Nomerano C.I.N. :

Tél. :

Kaominina Antananarivo Renivohitra

"Tsy ho vita ao anatin'ny 10 andro ny fanadiovana ankapobeny"

Mbola misy fako miavosa amin'ny toerana sasany eto Antananarivo.

Madiva hifarana ny fe-potoana nomen'ny Filoham-pirenena hanadiovana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. « Napetraka ny fanamby lehibe amin'ny fanadiovana ny tanànan'Antananarivo ao anatin'ny fotoana fohy. Ny fanesorana ny fako amin'ireo toerana misy fivangongoana iandraiketany SMA (Société Municipale d'Assainissement) ny marimarina kokoa. Tsy ho vita ao anatin'ny 10 andro anefa ny fanadiovana amin'ny ankapobeny. Mila fametrahana lamina sy fiovam-pihetsika sy fiovan-toetra eo amin'ny mpanadio ny mpanadio rehetra izany. Napetraka niaraka tamin'ny PDS-n'Antananarivo ny paikady hametrahana ny « Task-force », kanefa na hametrapetraka tahaka ny inona aza ny kaominina, rehefa tsy isika no mahatsiaro tena ho tompon'antoka ho manana adidy amin'ny fikirakirana ny fako sy ny fanadiovana ny tanàna, dia zavapoana sy very momoka ny ezaka rehetra ataon'ny



Fako teny Mahavoky Besarety. (Sary : Kely R.)

kaominina miaraka amin'ny SMA. », hoy Dr Domoina Marie Malala Lucienne, tale misahana ny rano sy ny fanadiovana ary ny fidiovana eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra.

Miandry

Raha ny zava-misy eto andRenivohitra hatramin'ny nandraisan'ny PDS Ramanambitana Richard ny fitantanana ny kaominina dia mandeha ny fanesorana ireo fako mivangongo ary efa

miasa avokoa ireo fitaovana vaovao azo tany amin'ny Japoney toy ireo kamiao sy dabam-pako. Na izany aza mbola maro ireo toerana nahitana fako mivangogo omaly toy ny teny Amboditsiry, Analakely ambadikin'ny Pavillon, ary Mahavoky Besarety. Ho fanamafisana ny fahadiovana eto amin'ny tanànan'Antananarivo dia netsika ihany koa ny fampiharana ny CMH, na ny Fehezam-pitsipika monisipaly momba ny fikoloam-

pahasalamana. Noresahan'ity tomponandraikitra ity ohatra ny fanajana ny ora tokony hanariana ny fako, izay manomboka amin'ny 4 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina mba hahafahana manala ny fako an-kahalalahana tsy misy fanelingeleana mandritra ny alina manontolo. Na izany aza, samy miandry ny tatitra amin'ny asa vita tao anatin'ny 10 andro avy amin'ny PDS ny mponin'Antananarivo.

R. Muray

Kaoperativa KOFIAMO - Fitrandrahana ny zotra G

Intelto naharesy teny amin'ny tribonaly

Mijanona ho an'ny kaoperativa KOFIAMO ny fitrandrahana ny zotra G, mampitohy an'Anosy amin'Ambatomirahavavy, Vontovorona, Imerintsiasosika, Ankaditany, ary Antsahadinta. Fandresena hatrany no azony teny amin'ny tribonaly taorian'ny fiakaran'ny raharaha intelto teny amin'ny Fitsarana. Tsihivina fa tamin'ny taona 1960 no niorina ity kaoperativa ity. Rehefa maty anefa ilay filoha mpanorina azy dia navadikin'ny mpitantanana iray ho orinasa amin'ny anaran'olon-tokana tamin'ny taona 2017. Tsy nanaiky izany ny ankamaroan'ireo mpikambana, ka niady tamin'ny famerenana azy ho kaoperativa. Niakatra teny amin'ny Fitsarana ny raharaha. Nivoaka ny didim-pitsarana voalohany tamin'ny 18 mey 2022, izay nanafoana ny fivorianambe namadihana ny kaoperativa ho orinasa amin'ny anaran'olona tokana. Naverin'ny ATT (Agence des Transports Terrestres) tany amin'ny kaoperativa ny faha-



Lasa tsy afaka miasa araka ny tokony ho izy ireo taksiben'ny kaoperativa KOFIAMO.

zoan-dalana mitrandraka ny zotra taorian'izany, saingy nahazo fahazoan-dalana vonjimaika koa ilay orinasa. Nangatahan'ity kaoperativa ity teny amin'ny Fitsarana indray ny fanafoanana ity fahazoan-dalana vonjimaika azon'ity orinasa ity, ka nahazo rariny ny kaoperativa tamin'ny alalan'ny didim-pitsarana nivoaka tamin'ny 14 novambra 2023, izay manafoana ilay fahazoan-dalana vonjimaika. Nangataka ny fanafoanana ny fahazoan-dalana an'ny

kaoperativa koa ity orinasa ity, saingy nolavin'ny Fitsarana.

Mitaraina

Ankehitriny anefa, mbola miara-mitrandraka ity zotra ity miaraka amin'ny kaoperativa ilay orinasa na dia tsy efa tsy tokony hanao izany intsony noho ny fahazoan-dalana vonjimaika efa nofananan'ny Fitsarana. "Hita ho mitarazoka ny fandraisana andraikitra amin'ny fampiharana ny didim-pitsarana nivoaka. Efa nandefasana ny dika mitovy tamin'ny didy

nivoaka ny teo anivon'ny ATT ary efa nanaova fitarainana mikasika ny fomba fiasan'io orinasa io. Nisy ny fifampidiniana tamin'ity herinandro ity ary nilaza ny handray andraikitra ny ATT. Na izany aza lasa izahay hatrany no maloto manoloana ny fanakoron-tanana ataon'ity orinasa ity. Na dia miezaka manao asa tsara aza izahay dia voaloto manoloana ny fanakoron-tanana ataony. Rehefa amin'ny hariva ohatra dia tsy mandray olona amin'ny toeram-piantsonana izy ireo, kanefa efa tonga hatrany amin'ny Motel Anosy ny filaharana, ka lasa mampalahelo ireo olona milahatra te hody.", hoy Ranoniaromanga Andrianajaina, filohan'ny kaoperativa KOFIAMO. Andrasana ny ho tohin'ny fandraisana andraikitra ataon'ny tomponandraiki-panjakana mahefa manoloana ity raharahaity.

R. Muray

Taratasy ho an-dRamala

Voromanga sa vorondolo !

Any Ramala,

Heverina fa maro no mahalala ny atao hoe vorondolo na dia tsy mivoaka amin'ny andro antoandro aza io karazana vorona io Ramala. Amin'ny ankapobeny dia ratsy feo izay izy. Mifanohitra amin'izay kosa ny voromanga, tsara feo araka ny anarany. Fa inona moa no idiran'izany eto Ramala ? Mbola miteraka adihevitra hatramin'izao anie Ramala ny momba ilay sazy voalazan'ny lalàna eto amin'ny tanintsika vao lany farany teo ho an'ireo lehilahy mpanolana é ! Misy ireo ankolafin'olona sasany mantsy mihevitra fa tsy mifanaraka amin'ny fanajana ny zon'olombelona izy io. Manoatra noho izany, misy amin'ireo masoivoho vahiny avy amin-dry zareo tandrefana miasa eto amintsika ireo mihitsy Ramala nanao fanambarana mahakasika izany, izay niantefa tany amin-dry zareo any an-dapa any nilaza ny tsy fetezan'io didy aman-dalàna io sy ny tokony hanajanona izany. Io sazy io anefa dia niainga tamin'ny alàlan'ny lalàna nataon'ireo olom-boafidy mpisolovava ny vahoaka eto amin'ny tanintsika Ramala. Fa anisan'ny vaovao iray nitranga faramparany koa Ramala, saingy tany ivelany, ny nandaniana tany amin'ny tany iray ny lalàna mankato ny fanalana zaza, izay nomena anarana hoe IVG. Mbola ireo mpanao lalàna any amin'izany firenena izany ihany koa no nandany izany. Dia mirehareha fatratra mihitsy amin'izao ilay firenena io fa nahavita dingana iray lehibe eo amin'ny lafiny fandrosoana. Tsy vitan'izany aza fa manantena izy fa atsy ho atsy dia hisy firenena hafa hanara-dia ny nataony sady efa manentana ho amin'izany koa. Toa hoe nisy olom-boafidy solontena avy amin'ny tanintsika koa anie Ramala anisan'ireo nasaina nanatrika izany é ! Fa angaha izay ihany, efa eo am-pamolavolana lalàna hafa ihany koa izao ilay firenena io ny amin'ny hanomezana alàlana amin'ny fanamorana ny fahafatesana atrehin'ny mpitsabo ho an'ireo olona efa tsy te haina na tsy te ho velona intsony. Dia hono ho aho Ramala, inona kay no mahasamihafa an'ireo anankiroa farany ireo amin'iry voalohany, izay fanimbana ny taovam-pananahan'izay lehilahy tratra nanolana?

Raha ratsy ity farany, moa ve tsy karazany famonoana olona koa ny anomezana fahazoan-dalana ho an'izay te hanala zaza ary nanaovana lalàna mankato izany any amin-dry zareo firenena tandrefana io Ramala ? Sa ve izany tokoa no tonga amin'ilay hoe " Rehefa izy ireo no misioka dia voromanga fa rehefa ny hafa dia vorondolo ! " Izay aloha no hamaranana azy Ramala fa ho hita eo indray ny tohiny.

Ragasy

Filankevitra nasionalin'ny lavanila

Nahangona 46 miliara Ar

Nahomby ny paikady nape-traka teo amin'ny sehapihariana lavanila. Tafakatra 46 miliara Ariary ny vola voaangona ao anatin'ny kitampom-bolan'ny CNV, na ny Filankevitra nasionaly momba ny lavanila, araka ny nambaran'ny Ministry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, Razafindravahy Edgard. Vola 4 Dôlara isaky ny kilao alaina amin'ny lavanila aondrana mankany lvelany no nahazoana io vola io. Efa nahatratra 28,5 miliara Ariary io vola io tamin'ny volana febroary lasa teo. Andraikitra lehibe napetraka tamin'ny CNV ny fanatsarana sy ny fitandroana ny kalitaon'ny lavanila malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Vinan'asa hotanterahana amin'ny ho avy amin'ny alàlan'ity tahirimbola ity ny fametrahana laboratoara hitiliana ny lavanila mialoha ny hanodranana azy mankany lvelany. Tsy manana fitaovam-pitiliana azo antoka rahateo ny sampandraharaham-panjakana, ka niteraka fahasahirana be ho an'ireo mpandraharaha teo aloha. Na izany aza, mbola mitaraina amin'ny fitotonganany vidin'ny lavanila ireo mpisehatra any min'ireo faritra mpamokatra manerana ny Nosy, indrindra fa ireo tantsaha mpamboly.



Mandray anjara betsaka amin'ny fampidirana vola vahiny ny lavanila.

R. Muray

Lalam-pirenena

Efa lasa ny antso tolo-bidy amin'ny fanamboarana ny RN2 sy RN7 ary RN4

Hanomboka tsy ho ela noho izany ny asa fikojakojana izay fanao amin'ireo lalam-pirenena izay potika tanteraka ireo.

Raha adiny 7 no namitana an'Antananarivo mihazo an'i Toamasina taloha, efa 12 ora na mihoatra aza izany ankehitriny vao vita. Ny avy aty Antananarivo mandeha any Mahajanga tsy latsaky ny 15 ora ary raha miainga amin'ny 7 ora sy sasany maraina eto Antananarivo amin'ny 9 ora alina vao migadona ao Fianarantsoa ny fiara fitateram-bahoaka. Anton'izany rehetra izany ny fahapotehan'ny lalam-pirenena eto amintsika. Misy ny lavaka izay tsy azo ialana mihitsy fa tsy maintsy hilatsahana na tiana na tsy tiana. Vokany, voatery manolo kojakoja matetika ireo fiara mpitatitra olona miasa isan'andro mampitohy ireo tanandehibe ireo. Tsy izay ihany fa lany andro tanteraka ny olona ary raha olona manen-jika fotoana dia aleo man-



Telo taona raha kely indrindra tsy nisy fanamboarana ny ampahan-dalana teto amintsika.

dray fepetra manokana mba tsy ho tara indrindra raha zavatra sarobidy no miandry. Omaly, nilaza ny Sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny Asa Vaventy, Emile Joseph Samisolo fa efa mandeha ny fanamboaran-dalana any amin'ny RN13 sy RN12 A ary ampahany amin'ny RN6. Efa lasa ihany koa ny antso tolo-bidy amin'ny fanamboarana

ny RN2 sy ny RN7 ary alefa afaka kelikely eo ho an'ny RN4. Hanomboka tsy ho ela noho izany ny asa fikojakojana izay fanao amin'ireo lalam-pirenena izay potika tanteraka ireo. Ho tanterahina ny 12 hatramin'ny 16 aprily 2024 izao eny amin'ny Forello Tanjombato ny hetsika salon des transports et des logis-

tiques. Antsoina handray anjara avokoa ireo mpisehatra amin'ny fitaterana rehetra ny kely indrindra hatramin'ny lehibe indrindra. Hisokatra amin'ireo mpandraharaha rehetra ihany koa ny minisiteran'ny asa vaventy indrindra amin'ny fanamboarana ny fotodrafitrasa eto amintsika.

Nath

Fiahiana ara-pahasalamana sehatra tsy miankina

2,8 isanjaton'ny malagasy no misitraka tolotra

Misy fikambanana 9 mivondrona ao amin'ny « fédération des mutuelles de santé Miara-Miahy » izay niforona tamin'ny 2019. Misy olona 715 326 eo mikambana amin'izy rehetra ireo ka ny 65 isanjato eo vehivavy avokoa, 60 isanjato tanora afaka miteraka ary 50 isanjato mpifankatia. Tamin'ny volana desambra 2023, ny 2,8 isanjaton'ny malagasy no mivondrona ao amin'izy ireo. Araka ny fanazavan'ny Dr Vero Olivia Randriamalala, PCA an'ny Miara-miahy : « Tanjon'ny fiahiana ara-pahasalamana toy izao ny fanamorana ny fahazoan'ny olona miasa amin'ny sehatra tsy miankina na vondron'olona tsy manara-drafitra toy ny mpivarotra ohatra misitraka tolotra ara-pahasalamana mendrika. Eo ihany koa ny fanamaivanana ny fahasahiran'ny fianakaviana eo anoloan'ny olona ara-bola kanefa tratan'ny tsy fahasalamana. » Antony voalaza fa mbola mahavitsy ny isan'ny mpikambana ny tsy fahafan-



Hiaraka hiasa akaiky ny FHM sy ny federasionina Miara Miahy.

taran'ny olona ny fisian'io karazana tolotra ara-pahasalamana io. Natao mifanaraka amin'ny fahefa-mividin'ny olona anefa ny latsakemboka

fanaovan-tsonia fiarahamiasa teo amin'ny FHM sy ny federasionina Miara Miahy. Tanjon'izany ny hampidinana ny tahan'ny reny maty

Mba hisitraka tolotra ara-pahasalamana mendrika tokoa ny malagasy rehetra

aloa ao anatin'izy ireo kanefa rehefa tsy salama, mahazo fihenam-bidy na fanamorana amin'ny fandoavana ny saram-pitsaboana.

Fanatsarana ny tolotra Notanterahina omaly ny

eo am-piterahana izay mbola ambony eto amintsika. Eo ihany koa ny fanentanana ny olona hampiasa fandrindram-piterahana izay 5 isanjato monja tamin'ny 1992 kanefa efa tafakatra 43 isan-

jato izany tamin'ny 2022 ary mbola akarina hatrany. Eo ihany koa anefa ny tsifanjariantsakafo izay mbola ambony be eto amintsika satria 40 isanjato ny mitarazoka raha 8 isanjato ho an'ny mahery vaika. Anisan'ny ady goavana mbola hatrehina ihany koa anefa ny fampambadiana aloha loatra ny zazavavy izay zava-doza ho an'ny fahasalamany. Voasokajy ho isan'ireo firenena 13 maneran-tany ambony ny tahan'ny fitondrana vohoka aloha loatra isika eto Madagasikara. Izany rehetra izany antompian'ny fiarahamiasa daholo. Ady marolafy mantsy ka tafiditra ao daholo ny rehetra indrindra ireo ivontoerana manome tolotra fahasalamana eny amin'ny tsy miankina. Rehefa mikambana anaty mutuelle de santé, moramora kokoa ny fanaparitahana sy fampahafantarana ary indrindra fanoomezana tolotra mifanaraka amin'ny filan'ny tsirairay.

Nath

Fahasalamam-bahoaka

60 isanjaton'ireo voan'ny VIH Sida vaovao zatovovavy avokoa

Manaitra ny zava-misy raha niresaka momba ny fiparitahan'ny valan'aretina VIH Sida ny sekretera mpanatanteraka eo anivon'ny CNLS Randriantsara Haja omaly. Voalazany fa 60 isanjaton'ny tranga vaovao misy amin'izao zatovovavy eo anelanelan'ny 15 atramin'ny 24 taona avokoa. Mitombo ny marary hoy hatrany ny fanazavany ary ny tena olona, tsy amin'ny sokajin'olona vitsy intsony fa efa miparitaka amin'ny olon-drehetra indrindra ny tanora. Mbola latsaky ny 1 isanjato anefa ny tahan'ny olona voan'ny VIH Sida eto amintsika. Izany indrindra no nahatonga ny SE CNLS mampitombo ny fiarahamiasa. Nisy fanaovan-tsonia fiarahamiasa teo amin'izy ireo sy ny vondron'ny sehatra tsy miankina miasa amin'ny fahasalamana na GSPS. Tanjon'izany fiarahamiasa izany ny fanentanana sy fametrahana fitaovana fiarovana any amin'ireo toeram-pitsaboana mandray an-tanana ireo mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina toy ny Amit na Ostie.

Fimailo maimaimpoana

Haparitaka manerana hopitaly sy tobim-pahasalamana tsy miankina mivondrona ao amin'ny GSPS ny fimailo manomboka izao ary ho zaraina maimaimpoana izany. Hitombo ny fanentanana satria amin'ny alalan'izay ihany no hahafahana misoroka ny fiparitahan'io valan'aretina io. Tsy ho ela, ireo mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony indray no hanaovana fanentanana sy iarahana miasa. Tanjona ny hampidina hatrany amin'ny 50 isanjaton'ny fifindran'ny VIH Sida amin'ny 2028. Eo ihany koa ny hampidina hatrany amin'ny 5 isanjato ny fifindran'io valan'aretina io avy amin'ny reny mankina amin'ny zanany ary hampidina hatrany amin'ny 50 isanjato ny tahampahafatesana. Mbola lavitr'ezaka anefa ny fanatrarana izany tanjona amin'ny 2028 izany, indrindra raha tsy mahatsapa ny maha zava-doza ity aretina ity ny ankamaroan'ny olona. Rehefa misy tolotra ara-pahasalamana maimaimpoana omen'ny minisiteran'ny fahasalamana mantsy, voalaza fa tsy mazoto manao fitiliana ny olona. Amin'ny alalan'ny fitiliana ihany anefa no hahafantarana na mitondra ilay VIH ny olona iray na tsia. Ny tena olona, raha tsy miaro tena kanefa miray amin'ny olona iray mararin'ny VIH azo antoka fa mifindra avy hatrany ilay aretina. Mbola sarotra ihany koa ny fakana ny vaovao eto amintsika, indrindra fa ny antontan'isa satria tomponandraikitra roa no noezahina nakana vaovao omaly mikasika ny tranga vaovao misy eto isan-taona saingy milaza tsy afaka mamoaka izany avokoa izy ireo. Ny aretina anefa araka ny voalaza manaitra sy miparitaka hatrany koa tokony tsy hafanimpenin'ny tomponandraikitra intsony ny vaovao mikasika azy ity.

Nath



Ho zaraina maimaimpoana eny amin'ny tobim-pahasalamana tsy miankina ny fimailo manomboka izao.

Andry Inspalm

“Tandindomindoza ny sompitri'i Madagasikara ao Alaotra”

Mila fanarenana faran' izay haingana ireo lakandrano.

Voasokajy ho sompitri'i Madagasikara hatramin' izay. Tandindomindoza ny fambolem-bary ao alaotra. Manomboka tototra daholo ny «canal», vaky ny digy satria tsy misy lalan-kivoahany ny rano. Ahiana hivadika tsy ho sompitry madagasikara intsony any Alaotra atsy ho atsy raha tsy vaotsabo izay zavatra izay, satria efa manomboka mihena tsikelikely na ny « rendement » na ny « production » amin' ny sehatry fambolem-bary. Tahaka izay no azo namintinana ny fanazavana nentin' ny zanaky ny faritra Alaotra sady mpitarika ny fikambanana Tanora Miandrandra ny Hoavy (TMH) ao amin'ny distrikan'Ambatondrazaka, Atoa Andrianandrana Heriniaina Joachin, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe : Andry Inspalm raha nanontaniana mikasika ny fambolem-bary any an-toerana. Ankoatra ny asa sosialy maro isan-karazany hifotoran'ny fikambanana enti-mampandroso ireo tanora sy ny vahoaka rehetra any an-toerana. Mahita ny zavatra iainan'ny vahoaka, mitety tanàna, mitety tanimbary, mijery ny hetahetan'ny ny vaohaka, ... Tsy nisalasalana ny mpitarika ny TMH



Miezaka mamaly sy mitondra ny hetahetan'ny vahoaka hatrany Atoa Andry Inspalm, Filohan'ny TMH Ambatondrazaka. (tahirin-tsary)

Ambatondrazaka namotsipotsitra ny maharary ny vahoaka any an-toerana. Mahatsapa ity farany fa tsy voajery loatra ny tontolon'ny fambolena sy fiompiana any Ambatondrazaka, kanefa ireo no foto-piveloman'ny mponina any an-toerana.

Tototry ny atsanga

Nantintranteriny, fa ilay «canalisation» mihitsy no tokony hisy asa fanamboarana faran'izay haingana, indrindra fa ny « canal principal » izay saika tototry ny atsanga daholo amin'izao. Miparitaka any an-tanimbarin' olona ny tain'atsanga dia potika ilay tanimbary. Lasa mihena ny vokatra satria lasa baiboho ilay taninketsa

nahavoka-bary be tany aloha. Notsipihiny manokana tamin'izany ny vallée Marianina sy ny PC 15 izay namberany, fa tena mamokatra vary be any an-toerana kanefa tandindonin-doza amin'ny fahavakisan'ny digy ao llafy amin'izao. Ary mbola izay « canalisation » izay ihany no olana. Araka izany, miantso ny hijerena izay fanajariana ny lakandrano izay i Andry Inspalm, satria vao mirotsaka kely ny orana dia dibo-drano ny tanimbary. « Tsy ilay orana no betsaka fa ilay lalan'ny rano mivoaka mihitsy no tsy misy. Raha vao tsy misokatra ilay canal, dia ela be vao mihena ny rano. Kanefa raha vao misokatra ny canal, iray andro ihany dia

midina ny rano.», hoy izy. Raha ny fitadidian'ity zanaky ny faritra ity, dia tany amin'ny andron'ny SOMALAC no nisy fisavana « canal » farany tany an-toerana.

72 km

Mahakasika ny lalana indray dia nanolotra fisaorana mitafotafo ho an'ny fitondrampanjakana ity filohan'ny TMH Ambatondrazaka ity noho ny fahavitan'ny RN.44 izay tena nahavelom-panantenana ny vahoakan'Ambatondrazaka tokoa. « Tsy nisy simba ny lalana RN 44 vao vita hatreo Ivodiala, na dia teo aza ireny rotsak'orana ireny. » araka ny fanazavany. Mbola mangataka ny hamitana hatramin' ny farany ny lalana ihany koa anefa ity farany raha nilaza fa « ny ampahany hatreo Ivodiala io hitantsika vita io, fa misy mbola mitohy mianavaratra hatrany Vohitraivo izay hita hoe ; mbola henjakenjana ihany ary nanano sarotra mihitsy tanatin'ny rotsak'orana teo ». Eo amin' ny 72 km eo izany lalana tsy vita izany. Manomboka eo Ambandrika hatrany Vohitraivo hatrany Imerimandroso, indrindra eo amin'ilay toerana hoe : Mahatsinjolo han'ny hiditra ny station no tena potika sy tsy afaka ary nisy « transbordement » mihitsy aza nandritra ny rotsak'orana farany teo.

Nangonin'i Niry R.

Ankazoabo

Nanao ampamoaka momba ny resaka Dina ireo olobe



Nanao tafa hampitaina amin'ny haino aman-jery ireo oloben'ny faritra Ankazoabo atsimo.

Vao tamin'ny sabotsy lasa teo , ireo dahalo no nangalatr' omby sady nitifitra ka nahafaty olona 4 monina ao amin'ny tanàna atao hoe Fotivolo kaominin'i Ankilivalo kely distrikan'i Ankazoabo. Nanao fanarahan-dia azy ireo ny fokolonona kanefa niverim-potsiny satria tafiditra tao amin'ny kizo atao hoe alan'HERA ireo dahalo ireo ka tsy tratra intsony. Santionany fostiny ihany ity tranga ity ary io no manaporofa fa manjaka ny tsy fandriam-pahalemana ao amin'ny distrikan'Akazoabo Atsimo. Betsaka ny fitarainana efa nataon'ny mponina tao an-toerana. Vao tsy ela ihany koa no nanao fanambarana tamin'ny haino vaky jery ny lehiben'ny Foko bara ao amin'ity Distrika ity. Tsy nohenoana anefa izy sady mbola tratran'ny ramatahora. Araka ny loharanom-baovao dia nandrahona azy ny olomboafidy tao Ankazoabo. Nanambara ihany koa fa diso ny filazana fa mirongatra ny tsy fandriampahalemana. Milamina hoy izy Ankazoabo. Nanao am-pamoaka ihany koa anefa ny olobe ao amin'ity distrikan'Akazoabo ity. Nifanohitra tamin'ny tenin'ny depiote ny nambaran'izy ireo izay nandiso ihany koa ny filazana fa milamina ao an-toerana.

Fankatoavana

Anisan'ny mampirongatra ny tsy filaminana ny resaka Dina. Voalaza fa manao izay tiany mihitsy ilay olom-boafidy, ka mitaraina ny mponina. Araka izany dia nitondra fanazavana mikasika ny fipetraky ny Dina ireo olobe ao amin'ity faritra ity. « Tsy misy dina azo ampiharina raha tsy mahazo fankatoavana avy amin'ny fitsarana. Ny dinan'ny Atsimo andrefana no nahazo io fankatoavana io. Notsipahan'ny olom-boafidy anefa ilay izy. Tamin'izany dia nilaza ny lehiben'ny faritra fa tsy hanao ny dinan'Atsimo andrefana io intsony fa dina Andrimasom-pokolona no atao satria milamina ao Ankazoabo , sady tsy misy vono olona , tsy misy halatra ihany koa. Noho io dia ilay dina Andrimasompokolona no hampiasaina ka ajanona ilay Dinan'ny faritra atsimo andrefana izay nahazo fankatoavana tamin'ny taona 2021. Olana be io satria tsy nisy fankatoavana avy amin'ny fitsarana ary tsy nivorian'ny mponina Ankazoabo ihany koa fa nataotao fotsiny. Ohatra hoe raha ny dinan'ny atsimo andrefana milaza fa omby 31 no sazy ho an'izay mamono olona dia lasa omby 2 na 3 ihany amin'ny dina andrimasompokolona ary tsy misy olona voasambotra na migadra akory. Ambadik'izay dia terena hanome vola an-tsokosoko ho azy izay iharan'ny sazy. Izany hoe izy no mahazo tombotsoa ary izay tiany ihany no atao. Tsy hita ny vaomieran'ny mpanao kabary ary izy izany, no mpanao lalàna sady mpanao dina kanefa tsy anjarany ny manao kabary fa misy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahafana manao izany. Ny loza ihany koa dia hakan'io depiote io vola 5 hetsy ny mpanao kabary kanefa tsy azony atao ny mamory vola tsy misy taratasim-panjakana » : hoy ny fanazavan'ny Andrianarison Davida , ben'ny tanàna tao Ankazoabo teo aloha sady nitondra teny ho solotenan'ireo olobe ao an-toerana. Noho izany dia miantso ny manampahafana ambony ireto mba hijery akaiky ity raharaha ity. Mangataka ihany koa ny fidinana ifotony ho aton'ireo lehiben'ny faritra mba hanazava misimisy ny firafitry ny Dina satria tsy mandeha araka ny tokony ho izy io Dina andrimasompokolona io ary tsy nahazo fankatoavana avy amin'ny fitsarana.

Deyland

“Holiday & SPA International tourisme Fair”

Any Bulgarie ny delegasionina malagasy

Tanterahina any Sofia Bulgarie ny 13 ka hatramin' ny 15 martsa 2024 ny “Holiday & SPA International Tourism Fair”, andiany faha-40. Nasaina handray anjara tamin'ity hetsika iraisam-pirenena momba ny fizahantany goavana ao Bulgarie ity ny firenena malagasy. Nikarakara ny fandraisan' anjaran'ny delegasionina malagasy ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa Tanana sy ny Ofisim-pirenena misahana ny fizahantany eto Madagasikara noho ny fanohanana ny fitondrampanjakana tamin'ny alalan'ny tetikasa PIC (Pôles Intégrés de Croissance). Manana tranohava manokana i Madagasikara. Anisan'ny tombony lehibe amin'ny fanatrehana ity hetsika ity ny fisian'ny rafitra manokana mampiroborobo ny fifandra-



Ny tranohava misy ny delegasionina malagasy. harahana eo amin'ny samy lany. Manampy ny delegasionina malagasy mandray

Misintona ireo mpizahatany any Eorôpa Atsinanana, indrindra fa ao Bulgarie, ireo mpisehatra malagasy mandray anjara.

anjara amin'ny fampiroboroboana ireo tolotra fiza-

hantany aty amintsika izany, indrindra fa ho an'ireo mpizahatany ao Bulgarie. Iaraha-mahalala fa efa nanomboka tamin'ny 25 novambra 2023 no nisy ny sidina mampitohy an'i Nosy Be sy Sofia any Bulgarie. Nanomboka ny taona 2019 koa no efa nitrandraka ny tsehan'ny fizahantany tany amin'ity firenena ity ireo mpisehatra teto amintsika. Nahitam-bokany izany, satria niakatra 19 440 ireo mpizahatany avy any Eorôpa Atsinanana tonga teto Madagasikara tamin'ny taon-dasa raha teo amin'ny 6 472 izany tamin'ny taona 2019. Marihina fa nandrafitra ny delegasionina malagasy nankany Bulgarie ny Minisitra Joël Randriamandranto sy ny “Consul honoraire” an'i Bulgarie eto Madagasikara.

R. Muray

Akon'ny fankalazana ny taombaovao malagasy an-tsary teny Ambohidratrimo

Nifarana ny Talata teo ny fankalazana ny taombaovao malagasy teny Ambohidratrimo. Anisan'ny nanamarika ny hetsika teny an-toerana ny fampisehoana sy ny fampitiana mahakasika ny tantara sy ny kolontsaina ary ny fomba malagasy. Nahasrika tanora maro ity hetsika ity satria betsaka tamin'izy ireo no tsy nahafantatra ny zava-misy marina fonosin'ireo fomba sy kolontsaina malagasy ireny na dia efa renin'ny sofiny aza. Anisan'izany ny fampahafantarana ny hazo azo atao tehina, ny firafitry ny atitrano malagasy taloha, ny fanorona sy ny tontolony, ny omby sy ny tantarany, ny fasana teo amin'ny Ntaolo Malagasy, ny kabary isankarazany Misy hatrany moa ny fanazavana izany izay nandraisan' ireo tanora mpandala sy nanadihady manokana ny mikasika ny tantara indrindra ny Taombaovao Malagasy.

Tiaray R



Sarisary zary tenany

Aiza? Hatsikana an-tsary

Te hody




Masoandro iposaka

Genesisy 17:9

Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama: Fa ny aminao kosa, dia hitandrina ny fanekeko ianao, dia ianao sy ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby.

Indray mipika

RAHA SENDRA NY FANDRIANA TERY DIA MANAN-JARA NY FOHY FA NY LAVA. MIFORITRA.




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



Tantara mitohy mpirahalahy



Chabolana



Tonga amin'ny tsy afa-droa aman-telo.

Nous voici en face de quelque chose dont ni deux ni trois ne viendront à bout.

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3196

					8		2	
3				9	8		1	
		8			6		5	
	9		4			1	8	3
	6		8				4	
	3		5			2	6	9
						4		6
5				2				
		3			4		7	

Valin'ny laharana 3195

3	5	7	8	6	4	1	2	9
9	6	4	5	1	2	3	8	7
8	1	2	3	9	7	5	6	4
4	9	6	1	2	8	7	3	5
7	3	5	9	4	6	2	1	8
2	8	1	7	3	5	9	4	6
6	4	9	2	5	1	8	7	3
1	7	3	4	8	9	6	5	2
5	2	8	6	7	3	4	9	1

TENY MIAFINA N° 795

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. *Vakiana tsotra ny valiny.*

K	T	R	N	L	F	N	M	I	O
B	E	B	A	F	Z	F	A	N	T
M	D	M	H	O	K	E	B	E	H
K	V	H	M	E	D	H	Z	A	Z
L	K	G	J	F	F	V	J	K	T
E	Z	N	M	G	D	G	N	Z	L
F	I	G	I	J	E	V	E	J	F
E	V	R	O	E	K	T	B	A	L
Y	D	I	F	O	Z	F	I	N	Y
O	E	O	R	L	F	A	M	I	

07 litera

Val in'ny teny miafina 794 : ORONA

VALIN'NY
Kakuro 794

9	5	8	3	1	1	3	2	6	
7	4	6	5	9	8	2	8	4	9
2	7	1	5	3	8	4	9	6	
8	3	9	8	4	9	7	3	9	
9	8	5	4	2	7	8	6	1	3
4	1	8	9	6	1	7	2		
1	4	2	3	6	9	5	7	8	
6	9	2	8	7	5	2	1	5	3
1	4	3	1	2	8	5	4	9	6
2	3	6	1	1	9	6	3	1	
5	8	9	7	6	4	4	9	8	5
4	7	8	6	2	9	3	8	6	4
3	6	7	2	1	6	1	7	4	2

VALIN'NY
TENY MIRANDRANA Lah. 7820

M I S O T R O • M A
• • A R O • • S E K
M I V O N D R O N A
A • O N E • I L A I
R A N A O T R A • K
E S I • • S A I N I
V A N O • A N • I N
A N A • F O I T R A
K A I • • K • A I
A O • I Z A H A I •

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

M _ _ _ R _ _ _
S □ X = Δ = □ √ =

_ _ _ K _ _ _
= + ε & ε = √ •

_ L _ _ _
ε 2 ε √ = √ X •


Valin'ny lalao omaly

KARAKARAO TSARA FA METY IZAO

TENY MIDINA

- Mpampisafidy
- Iray
- Ady
- Lambo
- Paraky

Valin'ny TENY MIDINA omaly



DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. **Fito** izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, *atambaro dia ho hitanao ny valiny*

S A R E Z A T R A A
A I K O P I A N A I
M K K I V N A T V T
I A I A D I N A A E
T D N R R A T M Z R
S A A O T A B I A A
A K A O M A P M N S
O A N I V A I D N A I
K T D I D I N M M I
A I I E M O N A P M

AMIDI	NIVOADI	TAMBAVI	RANDRAKO	MPAMOAKA
MATAVI	NATONTA	AORIANA	MITSAOKA	MANOMANA
VAZANA	PARAKI	REZATRA	AMBADIKA	ROVITINI
SARETI	MPANOME	DIAVINAO	KOPIANAI	

- Valin'ny lalao omaly : - SIVANO - LAISOA

NY TONONANDRONAO ALAKAMISY 14 MARTSA 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

ASA: Efa ampy traikefa ianao kanefa mila miampy foana izany mba ho tonga amin'ny ambony kokoa
FITIAVANA: Ataovy voalohan-daharana fooana ny olon-tianao

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Mendrika tolora marim-pankasitrahana ianao tamin'ireny asa vitanao ireny
FITIAVANA: Aza mihaino ny vavan'ny manodidina

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Aza atao kilalao ny asanao
FITIAVANA: Mila anao ny olon-tianao ka apio izy

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Tokony madio foana ny vatanao dia ho hitanao fa handeha tsara ny asanao
FITIAVANA: Mila miova ianao

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

ASA: Mila manara-dalana tsara ianao indrindra ao amin'ny toeram-piasanao
FITIAVANA: Tsy hifanerena ny fitiavana fa rehefa tsy tianao izy dia any an-kafa mbola maro

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

Mila mailo ianao fa ny ratsy tsy kely lalana

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

Be mpitsiririta iny olon-tianao iny ka tiavo izy sao lasan'ny hafa

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Aza miseho mahavita tena ianao fa mba henoy ihany ny hevity ny hafa
FITIAVANA: Na tinao aza izy, rehefa tsy anjara ny anareo dia tsy afaka ny hiaraka

Alahotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Ataovy hitan'ny be sy ny maro oe niezaka ianao
FITIAVANA: Tsara vintana ianao nahazo an'iny olon-tianao iny.

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Hitombo ny karamanao anio
FITIAVANA: Tsy vola aman-karena velively no hitiavany anao fa ilay fahatsoram-ponao


Adaoro 15 febroary - 15 martsa

ASA: Aza kamo fa tsy hitondra anao makaiza izany
FITIAVANA: Aza diso saropiaro lotra ianao

Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

ASA: Aza taraiky be foana ianao vao matory fa manjary tsy mety amin'ny asanao ho hatrehanao izany
FITIAVANA: Mila mifampiresaka tsara ianareo roa

TONDRO-TENY




Valin'ny tondro-teny omaly

F A N A K A
• S A H • L
M A N I N A
O T • R A N
A R A I N A
N A D N A •
A • I A V O

TENY MIRANDRANA Lah. 7821

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

ITSI	ITONI	VANDANA	ILAOZAKO	AVALANAO
ANAI	EZAKA	AVELANI	ISAORANI	FIDIOVANAI
ALEO	ROTIKA	DIOVINAI	IANARAKO	
ATIKO	TANTELI	MIKTIKA	NITARIKA	



KAKURO 795

	7	42		22	45	10		41	10	45	15	
15	6		11	8				15				
35								17	26			
	11	45									12	
39										14		
16			44	13		17						
	6	45									19	
22				11			10					
31			8	11			39		23			
	14	45						35				
14			28	45							23	13
22					30							
21					17					22		
31										33		


Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalana napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Mba entina hanadiovana ny tarehy ary dia makà vinaigitra fotsy sy rano, atao 1/3 rano ny fatrany ny vinaigitra dia aleo tsy atao ny faritra manodidina ny maso.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny lalao omaly : SEMPORINA + NITETIKA + MANAIKY = PORETINA

R E S A K Mandeha fiarandalamby ireto mpandeha roalahy sendra tafaresaka. Hoy ny iray tamin' iray nanontany. Mba mino ve ianao fa misy ny angatra ?
H E H Y - Tsia a, tsy mino ireny aho, - Ary dia nanjavona tsy hita ilay nanontany.

HOTSAKOTSAKOINA

"Tsoatra sady mora ny mamorona fiteny amin'ny endrika milanto. Tsoatra toy izany koa ny mididy sy mahazo zavatra iray izay kanto. Fa raha azonao an-tsaina fa sarotra sy mafy vao mahita namana tsara, satria tsy misy tandroka ny ratsy, dia fitandremana no tokony hatao, indrindra raha hitady namana tsara sy tena azo antoka."
Ny Vetso (13.10.16)

("Les belles phrases sont faciles à dire, les belles choses, faciles à acheter, mais les belles personnes difficiles à trouver")

Toamasina

2 lahy nahatrarana môto halatra



Ireo roa lahy voasambotra

Roa lahy, mpitondra cyclo-pousse sy lehilahy iray hafa no voasambotry ny polisy tany Toamasina afakomaly fa nahatrarana môto halatra. Polisy nanao fisafoana no nahatsikaritra lehilahy iray nampiakatra môto tamin'ny cyclo-pousse. Nanatona avy hatrany ireo mpitondro filaminana ka tratra teo izy roa lahy. Natao famotorana vonjimaika ry zalahy ka tamin'ny alalan'izany no nahafantarana fa môto halatra io saika hoentin'izy ireo io. Tsy afanitsoaka intsony araka izany izy roa lahy ireo fa dia noraisim-potsiny teo. Nosamborina izy ireo ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisin'ny Sut natao fanadihadiana. Nandritra ny famotorana an'ilay lehilahy iray tratra niaraka tamin'ilay mpitondra cyclo-pousse io no nahalalana fa jiolahy efa mpamerin-keloka amin'ny resaka halatra môto sy halatra miaro herisetra any Toamasina izy. Hiakatra fampanoavana ny raharaha rehefa vita ny famotorana any anivon'ny mpitondro filaminana.

T.H



MANAMPY ANAO

Permanences
09 mars au 15 mars 2024

PHARMACIE DE GARDE
ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana ladiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Anolakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaasy - 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohobao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy - 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Saleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandrozeza - 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohitrarimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimgakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amaronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasara - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarify Ankarabato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaasy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soo Ny Aina - Tsarahononana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankarabato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

SERVICE DES URGENCES MPTSABO MIKAMBANA
TEL: 0349023555 / 0334823555
AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24
TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
CDU (Centre de diagnostic et d'urgence médical)
TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOUBATO
TEL 033 11 313 85
MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA
TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
AMBULANCE ET URGENCE CRTM - 01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

CLINIQUE MPTSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO
TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51

Kolony Ralaiavy Fanevarison

"Fandraisana andraikity ny tsirairay sy ny fisorohana"



Rehefa eny an-kianja manao fanentanana ny Lietnà kolonely Fanevarison.

Manohy ny asa Tagnamaron' ny Fandriampahalemana « TAFE » ny Lietnà kolonely Ralaiavy Fanevarison Onimihary, izay kaomandin' ny vondron-tobim-pielovan' ny Menabe. Taorian'ny fampanandrian-tany nataony sy ireo mpitondro ny filaminana tao Ankazobe dia manentana, manabe ny fokonolona indray izy izao eo amin'ny sehatra ny filaminana hatrany, ao amin'ny distrikan' i Morondava, Manja, Miandrivazo, Mahabo, Beloha. Raha ny lafin'ny tsy fandriampahalemana ao Menabe ao manokana dia efa 85% eo ho eo ny tahan'ny filaminana. Teo aloha raha nanjaka ny fakana an-keriny dia ny fiandohan'ny volana febroary teo no nisy tranga farany ary hatramin'izao efa tsy nahenoana intsony. Tranga halatr'omby vitsivitsy sisa no misy eny anivon'ny fiaraha-monina. Izany hoe foana hatreto ny asandahalo mandeha maka omby an-jatony fa halatra omby 2 sy 3 no misy, araka ny tatitra avy any an-toerana. « Ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany no tanjona.

Tsy maintsy mbola misy ihany ny tranga fa tena hoe vitsy dia vitsy, hoy ny Lietnà kolonely Ralaiavy Fanevarison Onimihary, izay kaomandin'ny vondron-tobim-pielovan'ny Menabe.

Fitiavana

Nandritra ny tafa nifanaovanay taminy dia nanamafy ity manamboninahitra ity fa mila himasoana ny fisorohana. « Ny fanentanana dia anisan'ny fototra hijoroan'ny fandriampahalemana. Mila atao amin'ny fitiavana io fa tsy baiko akory. Fantarina ny tena antony mahatonga ny tsy fandriampahalemana. Eo no hitondrana ny fanentanana ary mila modely sy hentitra amin'ny fandraisana fepetra ny zandary aorian' izay mba tsy ho zava-poana ilay fanentanana. Mila atahorana ilay lalàna ary tokony ho sahy mandray andraikitra. Ho an'ny faritra Menabe manokana dia betsaka ny tsy fahafantaran'ny olona ny tena andraikitrany. Inona no andraikity ny ray amandreny, ankohonana, kaominina, distrika sy ny sisa. Io no antsoina hoe « circonscription, administrative et base ».

Raha mifehy ny tenany ny tsirairay dia hihena ny tsy fandriampahalemana. Tokony hisy fiofanana amin'ny fanampianana ny olona. Ny tenako tsy hoe tonga lafatra fa tokony hiezaka ho matihanina ary ho sahy. Mifanaraka amin'ny lohahevitra sy ny zava-misy iainan'ny vahoaka no tokony resahina. Ohatra fotsiny ny hoe fanolanana dia misy ny andraikity ny ray amandreny, ny fitafy manintona, ny lehilany koa tsy manana anton'asa mazava » ; hoy ny Lietnà kolonely Lietnà kolonely Ralaiavy Fanevarison Onimihary, kaomandin'ny vondron-tobim-pielovan'ny Menabe. Marihina fa vao andro vitsy lasa izay no nanao fanentanana, namporisika ny olona mba hiady amin'ny fahaloatana ity manamboninahitra kolonely ity. Fanentanana sy tomari ka ho an'ireo mpivaroetra hani-masaka ny amin'ny tokony hanaronana ireo entana amidy, hisorohana ny aretina ary koa hanatsarana ny endriky ny tanàna.

Deyland

TELEFAONINA ILAINA

HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23
MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANANANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94 / 033 11 058 00
PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
CENTRE MEDICAL COLISEUM
TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)
ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911
CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE
TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
AROVY CLINIC
ATRIUM ANKORONDANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)
POMPIERS
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76
POLICE SECOURS - GIR
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117
COMMISSARIATS
- 1^{er} ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2^e ARRONDISSEMENT AMBOHIATOVO
TEL 22 309 46
- 3^e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO
TEL 22 291 30
- 4^e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5^e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA
TEL 22 280 48
- 6^e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA
TEL 22 225 52
- 7^e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8^e ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE
TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Gazetiko

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana

manana renivola

Ar 37 452 000

Tale jeneraly :

Jeremy RABESAHALA

Talen'ny Fanoratana :

Lucien RAHARISON

034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady

Tonian'ny Fanoratana :

Herivonjy RAJAONAH

034 34 697 10

Biroa sy fandraharahana :

Lalana Ravoninahitriniarivo

B.P. 1414 - Antananarivo

Tél : 038 34 344 34

Fax. 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

D.L.I : 16 586 - 03 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

Mofa ronono

Zavatra ilaina : lafarina 250g,
siramamy 200g, atody2, ronono
1litatra, leviora 1sotrokely.

Fikarakarana azy : Kapohina fotoana fohy anaty lovia jobo ny atody sy ny siramamy. Rehefa levona ny siramamy dia ajanona. Alefa tsikelikely ny lafarina sy ny leviora ary ny ronono dia afangaro tsara izy rehetra. Hosorana menaka ny vilany dia araraka ao ny fangaro. Atao afo malefaka ny ambany dia asiana ihany koa eo ambony takotra. Afaka alefa anaty lafaoro 180 C mandritra ny 45minitra ihany koa. Rehefa hita fa masaka dia esorina. Avela hangatsiaka vao tete-hina.

Akon'ny Volley-Ball

Tsy hiatrika fifaninanana "MASTERS" atsy La Réunion ny ekipan'ny GNVB lehilahy sy vehivavy ary ny COSFA

Noho ny tsy fahavitana ny fikarakarana ny taratasy, ilaina amin'ny fandehana mankany ivelany « visas », ary ny tsy fisiana ara-bola, dia tsy manana solontena hiatrika ny fifaninanana « Masters de Volley-ball », natokana ho an'ny ekipa lehilahy sy vehivavy, izay tantee-rahina atsy amin'ny nosy Saint Denis – La Réunion ny firenentsika. Hanomboka amin'ny alarobia 27 martsa 2024 ka hatramin'ny alahady 31 martsa 2024 ny fifaninanana, izay tafiditra amin'ny andiany faha- 5. Toy ny fanao hatramin'izay dia ekipa efatra, niatrika ny lalao manasa-dalana tamin'ny fifaninanam-pirenena, no mandray anjara amin'ny « Masters ». Araka izany dia ny ekipan'ny zandarimariam-pirenena lehilahy sy vehivavy ary ny COSFA no tokony nisolontena an'i



Tombony lehibe ho an'ity ekipa itony ny fiatrehana lalao iraisam-pirenena !

Madagasikara, mandray anjara amin'ity fifaninanana ity. Anisan'ny fifaninanana iraisam-pirenena, tafiditra tao anatin'ny fandaharam-potoanan'ny federasionina amin'ity taom-pilalaoavana ity

ny fifaninanana amin'ny « Masters ». Izao tsy fisian'ny solontenantsika hiatrika ny fifaninanana izao dia azo lazaina fa miteraka fahavoazana lehibe ho an'ny mpilalaoantsika voalohany

indrindra, satria tsy hiakatra mihitsy ny fahaiza-manao sy ny lentany, ary mampan-dringa hatrany ihany koa ny fampiroboroboana ny taranja ara-panatanjahantena.

Rugby - Zo Andriatsilavo

Tsy manam-paniriana hitondra ny federasionina (M.R) intsony

Nohararaotiny ny fahitana an'Atoa Zo Christian Andriatsilavo, nanontaniana ny fomba fijeriny ny taranja ara-panatanjahantena eto amintsika. Anisan'ny lohalarana tamin'izany ny baolina lavalava, izay notantaniny nandritra ny fotoana naharitra. Azo ambara mantsy fa mbola maro no manimanina ny tongolo egypta, mahatsiaro ny fitantanana nataony ny mpankafy an'ity taranja ity. Anisan'ny fanontaniana voalohany napetraka tamin'ny hetahetan'ny mpijery sasany, maniry ny hiverenany amin'ny fitantanana indray ny "ringiby". Valin-teny hentitra no sady fohy no nasetriny an'izany : " Tsy manam-paniriana ny hitondra sy hiverina amin'ny fitantanana ny Malagasy Rugby intsony aho. Efa betsaka ny zaza tanora afaka isahana an'izany satria ifandimbiasana ny toerana ". Nanteriny kosa anefa fa amin'ny fitiavana fanatanjahantena dia manaraka akaiky ny fitantanana ny baolina lavalava ny tenany, izay hisiany fitsikerana sy disadisa matetika amin'ny fizotran'ny fifaninanana. Nasiany teny mafy ihany koa ny momba ny fangalana mpilalao amin'ny klioba efa mandeha, kanefa tsy lasa lavitra amin'ny fifaninanana nataony akory ny ekipa naka. Noraisin'ny ohatra tamin'izany ny fifaninanana taty anivon'ny Oseanina Indianiana tamin'ny taranja volley-ball farany teo teto amintsika (CAVB – Zone 7). Na tsy nanondro mivantana ny anarana ekipa aza ny tenany dia fantatra ny tiany ho lazaina : "Alaina ny mpilalao 2 na 3 dia maty ilay ekipa mahay. Rehefa avy eo anefa ianao tsy mamokatra akory (...)" . Marihina fa tsy tamin'ny volley-ball irery ihany no misy an'izany fa saika amin'ny taranja ara-panatanjahantena hafa ihany koa ka ny baolina kitra no voalohany amin'izany.

"CAVB - Zone 7" - Andiany faha-28

Sedra voalohany ho an'ny Federasionina (FMVB)

Roa herinandro izay no nivalona ny fiadiana ny tompondakan'ny Oseanina Indianina 2024 ho an'ny klioba, andiany faha-28 taty amin'ny faritra faha-7, izay nanjakan'ny ekipa lehilahy sy vehivavy avy atsy La Réunion. Nanao ny tratry ny heriny hatramin'ny farany ihany ny ekipan'ny Zandarimariam-pirenena anankiroa, niatrika ny lalao famaranana, fa sendran'ny traikefan'ny vahiny sy ny tanjaka ara-batana ka tsy lasa lavitra. Raha ny fanombanana ny endri-dalao nase-

hon'ny mpilalaoantsika anefa no ambara dia azo hananana fanantenana ny hoaviny, satria ny ankamaroan'izy ireo dia mbola ao anatin'ny taonan'ny fahatanorana avokoa. Momba ny fifaninanana indray, dia azo lazaina fa sedra voalohany ho an'ny federasionina vaovao, tantanin-dRtoa Léa Raharimalala Manary iny fifaninanana iraisam-pirenena voalohany nokarakarainy iny. Toy ny filaminana nodiaviny tamin'ny famindram-pahefana teo aminy sy ny nosoloiny, izay

mpiaraka milalao tamin'ny taonatin'ny ekipam-pirenena fahiny ihany. Azo ambara ihany koa anefa fa fahombiazana no azo noho ny fisian'ny mpanjara anjara betsaka indrindra tamin'ny fampiantranoantsika fifaninanana ho an'ny klioba teto anivon'ny Oseanina Indianina, izay marihina fa nahatratra 30 ny isany. Teo amin'ny lafiny fanohanana

indray dia nahitana orinasa maro, nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fanampiana nataony tamin'ny FMVB. Ankoatra an'izany dia efa nitombo ihany koa ny isan'ny mpijery baolina, izay tsika amin'ny fampiroboroboana ny taranja ara-panatanjahantena rehetra fa tsy ny volley-ball irery ihany.

aris rafaly



Tsy vitsy no " manembona " ny zava-bitany !

Kapoaka vao vahoaka !

Miteraka resabe mihitsy ity fangalana mpilalao etsy sy eroa ity. Eo amin'ny taranja baolina kitra, hoy izahay eo ambony, no tena ahitana fanaovana "mutation" betsaka indrindra. Mba tsy hisian'ny fahavoazana aterak'izany indrindra dia betsaka ny mpitantana federasionina na ligy no nametraka fitsipika mifehy ny fanaovana an'izany. Lohalarana tamin'izany ny mpitantana baolina kitra teto anivon'ny Ligin'Analamanga, izay namepetra fa rehefa ekipa miatrika fifaninanana amin'ny divizionina voalohany "Elite" dia tokony manokatra sekolin'ny baolina kitra, na mifanaraka manampy ara-bola na ara-pitaovana azy ireny. Izany fepetra izany no noraisina sy natao dia ho fisorohana ny tsy fisian'ny zaza mpandimby, manan-talenta amin'ny filalaoavana kitra. Azo lazaina fa nahomby tokoa ny ezaka natao satria ny ankamaroan'ny mpilalao kalaza nalain'ny klioba vaventy dia novokarin'Analamanga. Mandeha ila ohatran'ny kiraron'i Beminahy anefa ilay izy, satria misy klioba vaventy tsy manaraka fitsipi-dalao fa faly amin'ny fanaovana "mutation" fotsiny, handrombahana amboara. Kapoaka vao vahoaka ! hoy ny fitenin'ny mpikotrana azy, satria tsy maintsy mitady vola ny mpilalao ka tsy afaka mijanona amin'ny klioba tokana. Resa-bola izao ny fanaovana fanatanjahantena fa tsy "amateur" intsony.

aris rafaly

TSIPAKA

Maniry ohatran'ny anana ny hotely vaventy, manana dobo filomanosana eto amintsika. Raha tsy hilaza afa-tsy ny eto andrenivohitra sy ny manodidina azy fotsiny kanefa tsy ambaka amin'izany koa ny any amin'ny faritany, izay maresaka amin'ny toeram-pitsangatsanganana amin'izao fotoana izao. Eo anoloan'izany indrindra dia mitaona sy manaitra ny sain'ny mpitantana sy ny tompon'izy ireny ny tomponandraikity ny Ligin'Analamanga amin'ny taranja lomano.

Patsa iray tsy homby vava !

Nambara fa tsy tokony atao ambanin-javatra sy an-tandrevaka intsony ny tokony ametrahana " Surveillant de Baignade - Maître Nageur de Baignade (M.N.S) ", eny amoron'ny dobo filomanosana. Izany no atao dia isorohana ny patsa iray tsy homby vava, toy izay nitranga tamin'ny dobo filomanosan'ny hotely iray teny amin'ny faritra Andrefan'larivo, izay nahafatesana mpirahavavy iray tampo tao anatin'ny ora tsy nampoizina. Araka izany dia fantatra fa hisy ny fanofanana an'izay te ho mpamonjy voina, hitandremana amin'ny loza mety hitranga, izay tena ilaina tokoa amin'ny fanodinana an'ireny dobo filomanosana ireny.

aris rafaly



Nilamina tsara ny famindram-pahefana teo amin'ireo mpitantana !

Cross country - Mada 2024

Norombahan'i Elysé sy Ralisy ny anaram-boninahitra

Nahatratra 210, ireo mpifaninana avy amin' ireo ligim-paritra miisa 13.

Rakotondrainy Heriniaina Elysé, avy amin'ny Cosfa teo amin'ny lehilahy ary Ralisy Marthe avy amin'ny 3FB Analamanga kosa ny voalohany teo amin'ny vehivavy. Ireo no nandrobaka ny anaram-boninahitra ho tomondakan'i Madagasikara ho an'ny « Cross Country », izay notanterahana tany Ambatondrazaka ny faran'ny herinandro lasa teo. Nahatratra 210, ireo mpifaninana avy amin'ireo ligim-paritra miisa 13, Analamanga, Vakinankaratra, Itasy, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Atsimo Andrefana, Boeny, Ihorombe, Fitovinany, Bongolava, Alaotra Mangoro, Anôsy, Antsinanana. Ho an'ny sokajy "senior" lehilahy, dia 31 minitra sy 4



Nandritra ny fahatongavan'ireo mpifaninana tany Ambatondrazaka.

segaondra ary 2/10 no nahavitany izy ireo ny halavirana 10 km. Mbola mpihazakazaka avy amin'ny miaramila ny faharoa, Rabeloson Fidèle Haveloma, izay nahavita ny fifaninanana, tao anatin'ny 31 mn 34 s 33 %. Fahatelo kosa i Andrianantenaina Antonio Nirina, avy amin'ny CAAM Amoron'i Mania, 31 mn 39 s

4/10 no nahavitany izany. Niady ny fifanandinana teo amin'ny 5 km saingy taorian' io vao nitsoaka moramora i Elysé ary tsy azon'ireo mpi-fanandrina taminy intsony. Teo amin'ny sokajy vehivavy indray, tao anatin'ny 38 mn 38 s 9/10 no nahavitany dRalisny ny hazakazaka, narahin'i Sendratefiniaina

Marie (CAMI) Itasy, izay 2 minitra (40 mn 04 s 2/10) taoriany vao tonga. Laharana fahatelo kosa Rafaliarisoa Noel Ange avy amin'ny klioban'ny AS Fanalamanga. 40 mn 20 s 5/10 no nahavitany ny halavirana.

Rabenaivo

PASI PASI

Andriamiharinosy Tillo H.

Nandray traikefa tamin'ny rainy dia mampita amin'ny zanany

Tsy nisy tsy nahafantatra ny lazany izany Andriamiharinosy Bertin izany, na teto an-tanindrazana na tany ivelany.

Sady mpilalao baolina kitra no mpanao Handball izy. Anisan'ny nandray anjara tamin'ny Jeux Africain 1965 tany Brazzaville, izay andiany voalohany. Nanao " Coupe de l'Océan Indien " voalohany koa tamin'ny 1969 sy ny CAN 1974 tany Tunis Tonizia. Lasa mpanazatra sy Tale Teknika avy eo. Efa filohan'ny " zone 7 Afrika " koa ary nahavita taom-piasana 3. Efa Tale Teknika Nasionaly tany Maorisy koa ny 1997/2002. Mpikambana sady mpamorona ny ASSM HB izy ary nisy fotoana sady mpilalao no mpanazatra tao. Efa in-12 nahazo anaram-boninahitra ny Masindahy Misely tamin'ny androny. Niampita tamin'ny taranany izany filalaovana Handball izany, ka andao hampahafantarina antsika ny fianakavian'i Tillo zanany lahy, izay nanambady an'i Lanto, izay mpilalao Handball tao amin'ny BFV, ASSM ary mbola niara-nilalao tamin'ny zanany vavy tamin'ny 2021. Samy demi centre moa no toeran'izy mivady ireto.

Gazetiko : Anaranao feno
Tillo : Andriamiharinosy Tillo H.
Gazetiko : Firy taona ianao izao dia mbola manao Handball ve, ao amin'ny klioban'iza ?
Tillo : 50 taona. Efa mpanazatra, Assm(sokajy tanora zazalahy)..My Sah HBC Ambatomirahavavy (sokajy vehivavy) fa tsy milalao intsony.
Gazetiko : Nanomboka firy taona ianao no nanao Hand voalohany ?
Tillo : Tamin'ny taona 1986 tao amin'ny Ecole des Sports tao ampianarana (Saint Michel)
Gazetiko : Firy ny zanakao, iza avy diamao Handdholove ?
Tillo : Manao Handball daholo ny zanako, Billy, Myrah, Sarah ary i Shannyaa



Anisan'ny fianakaviana tena miaina anatin'ny spaoro izy ireto.

zandrin'izy ireo koa ary dia efa manao baolina.
Gazetiko : Noterena sa efa tao anatin'ny ran'ny zanakao ilay handball ?
Tillo : Tsy terena zareo fa mety hoazy ilay manao baolina.
Gazetiko : Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?

Tillo : Eny, Billy (ihf trophy/continental 2018). Myrah (CJSOI 2018/ihf trophy continental 2019). Sarah (ihf trophy continental 2023) ary izy no kapitenin'ny ekipam-pirenena cadette.
Gazetiko : Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?
Tillo : Mifampifehy ny

fanaovana ilay fanatanjahantena miaraka amin'ny fianakaviana., manampy betsaka amin'ny fitaizana mba tsy hanaotao foana.

Gazetiko : Ankoatra ny Handball inona no fialambolinareo mianakavy ?

Tillo : Manao « sortie » kely no tena fialambolinay sady manpiseho amin'ny ankizy ny hakanton'i Madagasikara.

Gazetiko : Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

Tillo : Mamporisika ny Ray aman-dreny mba hampanao spaoro ny zanany. Ankoatra ny fahasalamana azo avy aminy, misy fianarana fahaiza-miaina sy fifanampiana ao amin'ny spaoro.

Rabenaivo

Kitra - Gidragidra tany Toliara Manao fanadihadiana ny federasiona

Taorian'ny zava-niseho tamin'ny fihaonan'ny Dato Fc sy ny 3FB Toliara ny faran'ny herinandro teo, tany amin'ny faritra Atsimo andrefana, nivoaka tamin'ny fahanginany ny teo anivon'ny federasiona malagasy ny baolina kitra. Voarakitra tao anatin'ny fanambarana, fa manameloka ireny herisetra sy fihetsika tsy mifanaraka amin'ny soatoavina amin'ny baolina kitra ataon'ny tomponandraikitra samihafa ireny ny FMF. Efa miroso amin'ny fanadihadiana ny tomponandraikitra ka hivoaka tsy ho ela ny fanapahankevitra momba izany. Tena niparitaka ary nanaitra ny mpanara-baovao iny tranga tany Toliara iny, izay tonga hatramin'ny fikasihana-tanana mihitsy. Samy niaro tena sy nitondra fanazavana teny anivon'ny haino aman-jery sy tambajotran-tserasera avokoa moa ny andaniny sy ankilany, ka inoana fa horaisain'ny federasiona avokoa izy ireny, hahafahany mandray ny fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny tokony ho izy. Ankoatra iny, nitrangana fihetsika tsy mifanaraka amin'ity lalao baolina kitra ity, ny fihetsika nataon'ireo mpilalao sasany, nandritra ny fihaonan'ny Fosa Junior sy ny AS Fanalamanga, fihaonana natao tany amin'ny kianja Rabemananjara Mahajanga, tamin'ny alahady lasa teo. Azo antoka, hiara-hivoaka amin'ity tany Toliara ity ny sazy hivoaka amin'ireo nanao ny tsy nety tany Mahajanga.

Rabenaivo

Triathlon

Hangotraka ny fifaninanana any Antsirabe

Ho famohazana indray ny taranja Triathlon, izay efa natory nandritra ny taona maro, mikarakara finaninanana ny klioban'ny ECTA (Entente Club Triathlon Antsirabe) ny sabotsy 16 martsa ho avy izao, any Antsirabe. Ao amin'ny farihan'Andraikiba no hanaovana ny fifaninanana lomoana, raha ny nampahafantarina-dRamampiana Toavina avy amin'ny ECTA sy Rabenarivo Marius mpikambana eo anivon'ny federasiona maorisanina triathlon, nandritra ny valandresaka nataony tamin'ny mpanao gazety omaly tetsy amin'ny St Michel Amparibe. Efa vonona ihany koa ireo toerana handray ny fifaninanana bisikileta sy ny hazakazaka, izay tsy maintsy hatrehana anatin'ity Triathlon ity. Mizara telo miavaka tsara ny fihaonana ka eo ny Triathlon distance standard, hifaninanana amin'ny lomoana 1500 m, fitaingenana bisikileta tsy mataho-dalana (VTT) mirefy 40 km ary hazakazaka 10 km. Eo koa ny duathlon amin'ny halavirana lava, misy hazakazaka an-tongotra indroa misy 5 km sy 10 km ary hazakazaka am-bisikileta 40 km. Ny farany, ny Triathlon sy Duathlon miaro fihazantany, ka eo ny lomoana 400 m sy hazakazaka an-tongotra 1,25 km sy 2,5 km ary fifaninanana bisikileta 10 km. Manampy azy mirahalahy amin'ny fikarakarana ity hetsika ity, Ramamonjisoa Armand eo amin'ny lafiny teknika sy i Njaka Tsirofo eo amin'ny aramoraly. Misokatra ho an'ny rehetra ny fifaninanana saingy takiana ny taratasy fahazoan-dalana avy amin'ny mpitsabo. Anisan'ireo atleta efa nanandratra avo ny voninahim-pirenena tany ivelany tany moa ireto Tanora tomponkevitra amin'ny fikarakarana ity andiany any Vakinankaratra ity. Ho an' i Toavina dia efa niatrika ny Triathlon de Genève (2020), ka faha-70 no nisy zy tamin'izany. Mahaksika an'i Marius indray dia efa nandroaka anaram-boninahitra maro tasy Maorisy.

Rabenaivo



Efa vonona amin'ny hetsika any Antsirabe ireto mpikarakara ireto.